

# Amin'ny Fahasoavana irery ihany

# ADVANTISTA MANERANTANY



## Fampidirana Hafatra manokana

**M**anamarika ny faha-500 taonan'ny fanavaozana prôtestanta, izay nandraisan'ny olona maro voalohany ny hafatra mahakasika ny famonjena amin'ny alalan'i Kristy irery ihany isika amin'ity taona ity. Nipariaka ny fahazavana, tsy tamin'ny alalan'ny fampianaran'ireo mpanavao fivavahana fotsiny ihany, fa tamin'ny alalan'ny Tenin'Andriamanitra ihany koa, satria ny Baiboly dia voadika tamin'ny fiteny azon'ny be sy ny maro vakina ary afaka mamaky ny fahamarinana ao anatiny ho an'ny tenany ny olona rehetra.

Mifandray indrindra amin'izany ny vakiteny mandritra ity herinandro fiara-mivavaka 2017 ity izay mifantoka amin'ny hoe « Kristy fahamarinantsika, » fa « *tsy misy anarana hafa ambanin'ny lanitra nomena ny olona izay ahazoantsika famonjena.* » - Asa. 4:12.

I Ellen White dia nanambara tsara izany nandritra ny favoriamben'ny Foibe maneran-tany (Conférence Générale), rehefa nilaza izy hoe : « Ny fomba tokana hahazoan'ny olona hijoro ho mahatoky ao anatin'ny fifanoherana dia ny fifotorana sy fiorenana ao amin'i Kristy (...) Ny fitoriana an'i Kristy voahombo, Kristy fahamarinantsika, no mahafapo ny hetahetan'ny fanahy. Rehefa azontsika antoka fa liana amin'ity fahamarinana lehibe ity ny olona, dia hanana finoana sy fanantenana ary herim-po izy ireo ao am-pony. »

Mampirisika anareo aho amin'ity herinandro ity mba tsy handinika fotsiny ireo vakiteny manokana, fa koa hanokana fotoana handinihana ny Tenin'Andriamanitra sy hivavahana raha mifantoka amin'ny fandinihana ilay lohahevitra hoe « Kristy fahamarinantsika » isika. Raha toa ka manana ankizy ianao ao an-trano, dia aza hadinoina ny mizara amin'izy ireo koa ny vakiteny voatokana ho azy ireo.

Ny Tompo anie hitahy antsika raha hiaraka hivavaka sy handinika tahaka ny ankohonana iray maneran-tany isika, mandritra ity fotoana manan-danja indrindra amin'ny tantaran'ny tany ity.

Ted N. C. Wilson, *Filohan'ny  
Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito*

\*Ao amin'ny gazety mivoaka isan'andron'ny Foibe Maneran-tany, 28 Jan. 1893 (jereo ihany koa ny Last Day Events [Nampa, Idaho: Pacific Press Pub. Assn., 1992], p. 151).

### NY MPANORATRA



Teraka tao Vienne any Australie i Hans (Johann) Heinz; manana ny mari-pahaizana Doctorat momba ny teôlôjia izy. Tao amin'ny Séminaire Adventiste du Salève ao Collonge any France izy no nanomboka nianatra ny teôlôjia. Rehefa nahazo ny diplaoma izy dia nanomboka niasa tamin'ny maha-mpitandrina azy tany Vienne tamin'ny taona 1953. Efa-taona taty aoriana dia nantsoina hampianatra tao amin'ny Seminera Schloss ao Bogenhofen izy. Nampianatra tao izy nandritra ny 21 taona. Nandritra ny 7 taona, dia niasa tamin'ny maha-talen'ny Seminera azy tao izy. Rehefa nahazo ny mari-pahaizana 'Doctorat' tao Andrews University izy, dia niasa tamin'ny maha-sojaben'ny Seminera Marienhöhe tao Darmstadt, Allemagne nanomboka ny 1982 ka hatramin'ny 1995. Ny lohatenin'ny boky izay nosoratany tamin'ny nahazoany ny mari-pahaizana "doctorat" dia ny hoe: "Justification and Merit" (Fanamarinana sy Fahamendrehana). Io fikarohana nataony io dia nifantoka tamin'ny fifandirana nisy teo amin'ny foto-pinoana katôlika mikasika ny fahamendrehana sy ny foto-kevitry ny Baiboly momba ny fanamarinana amin'ny finoana. I Hans Heinz sy i Louisette vadiny dia efa misotro ronono ary eo akaikin'i Bogenhofen any Australie izy ireo no mijetraka. I Daniel, zanakalahin'izy ireo no Talen'ny Ivontoerana misahana ny fitehirizana ny tantaran'ny Fiagonana Advantista any Eorôpa, ao amin'ny Oniversiten'i Friedensau, any Allemagne.

# NY TENIN' ANDRIAMANITRA NO FOTOTRY NY FINOANTSIIKA

Nosoratan'  
i TED N. C. WILSON

HERINANDRO FIARAHA-MIVAVAKA

## SABATA VOALOHANY

tamin-kafanam-po mandra-pikasik' izy ireo ny hazon'ny vatam-paty. Nosokafan'izy ireo ilay vata, nala-inia ireo taolan'i Wycliffe, ary natsipin'izy ireo tao anaty afo.

Tsy nahavita namono nahafaty an'i Wycliffe ny fitondrana papaly tamin'ny fahavelomany, ka tsy nanaiky izy ireo raha tsy naka ny taolany dia nandoro izany. Ireo eveka mpirehareha no naka ny lavenona sisina tavela ka nanary izany tany amin'ilay renirano antsoina hoe Swift, izay teo akaiky teo ihany. Nihevitra izy ireo tamin'izany fa ho vita hatreto ny momba ity lehilahy ity sy ny asa vitany.

Fa maninona no manana fankahalana be toy izany? Fa nahoana no dia masiaka be toy izany?

Satria i John Wycliffe no sahy nanohitra ny papa, sahy nanohitra ireo pretra mpanararaotra, ary ny tena ratsy indrindra dia ny fahasahiany nandika ny Soratra Masina avy amin'ny teny latinina ho amin'ny teny anglisy ka nahafahan'ny rehetra namaky izany tamin'ny fiteniny. Fantatr'ireo pretra sy eveka ary papa ireo anefa fa ny tenin'Andriamanitra dia hampisava ny haizina izay nandrakotra azy ireo sy ny rafitra tsy mandeha amin'ny laoniny izay napetrak'izy ireo.

“Kanefa dia tsy nampitsahatra ny hery miasa mangina nananan'i Wycliffe izany”, hoy i George Townsend, teôlôjianina sady mpahay tantara tamin'ny taonj-

**T**ENY FANAIRANA: “Izao no fotoana tena tokony hampitomboana ny finoana sy ny fahazoanaantoka aryny fahatokiana ny tenin’Andriamanitra.”

Raha atao indray mitopy maso, dia mitovy amin’ ireny mitanjozotra handevina ireny ilay tarika madinika: mpitarika fivavahana, ireo liana tia jerijery, ary ireo mphihady lavaka miaraka amin’ny fitaovany. Zavatra iray ihany sisa no tsy teo - ilay vatam-paty nisy ny razana.

## FANDEVENANA HAFAKELY

Raha niditra ny tanim-pasana tao amin’ny paroasin’ny fiangonana St. Mary any Lutterworth, any Angleterea ireo andian’olona ireo, dia tsapa fa toa nisy fangitangitahana sy fitiavana te hamaly faty teny amin’ny rivotra. Niala sasatra tao amin’ny fasany nandritra ny 43 taona i John Wycliffe taorian’ny nandevenana azy. Hovahana amin’ izay ny olana nisy momba ny fanafenana ny marina.

Rehefa tonga teo amin’ny fasana izy ireo dia nanomboka nandavaka

ato faramparany. Araka ny voalazan'i John Foxe ao amin'ny bokiny momba ny martiora, 'Na dia nofongariny aza ny vatany, nodorany ny taolany, ary naparitany ny lavenony, ny tenin'Andriamanitra sy ny fahamarinan'ny foto-pinoana raketiny, miaraka amin'ny vokatra sy ny fahombiazana naterak'izany dia tsy vaodotran'izy ireo mandraka androany (...) fa mbola mitoetra."<sup>1</sup>

Raha afa-nandositra ny fandoroana i Wycliffe taorian'ny nahafatesany, dia maro tamin'ireo izay taty aoriana kosa no nodorana velona, nopatahin-doha, ary narendrika tany anaty rano - no tonga maritiora noho ny fahatokian'izy ireo an'Andriamanitra sy ny Teniny.

## BAIBOLY HO AN'NY VAHOAKA.

Nitohy ilay ezaka fanomezana ny Baiboly ho an'ny vahoaka tamin'ny fiteniny. Roanjato taona taorian'ny nahaterahan'i Wycliffe, i Martin Luther, ilay fanta-daza indrindra tamin'ireo mpanavao fivavahana, dia namoaka ny dika tenin'ny Testamenta Vaovao tamin'ny fiteny alemà tamin'ny taona 1522.

Navoaka tamin'ny 1534 kosa ny Baiboly tamin'ny teny alemà ary tena nankasitrahany'reo olona miteny alemà izany.

Tsy nankasitraka izany kosa anefa ny mpitondra: "Nandamoaka ny ezaka nataon'ireo mpitondra fivavahana sy manam-pahefana sivily tamin'ny ezaka nataon'izy ireo mba hanitsakitsahana ny "fampianaran-diso" (noheverina fa

fampianaran-diso ny fampianarana ny fahamarinana tao anatin'ny Baiboly tamin'izany). Nandamoaka toy izany ihany koa ny fampidirana an-tranomaizaina, ny fampijaliana samihafa, ny fandorana velona ary ny sabatra. An'arivony ireo mpino no nanao tombokase ny finoany tamin'ny alalan'ny ran'izy ireo, nandroso hatrany anefa ny asa na dia izany aza. Vao mainka aza nampivelatra ny fitoriana ny fahamarinana ny fanenjehana."<sup>2</sup>

Raha nitory ny tenin' Andriamanitra tamin'ireo olontsotra tany Allemagne i Martin Luther, i William Tyndale kosa nanaraka ny dian-tongotri Wycliffe ka nanao dikan-teny hafa ny Baiboly tamin'ny teny anglisy. Raha nandika ny Baiboly avy tamin'ny teny latinina i Wycliffe, i Tyndale kosa nandika izany avy tamin'ny teny fototra grika sy hebreo. Tsy narisika tamin'ny asa nataony anefa ny tany Angletera, dia lasa nifindra tany Allemagne izy. Tamin'ny taona 1525 no nivoaka voalohany ny Testamenta Vaovao izay nadika avy tamin'ny teny grika ho amin'ny teny anglisy.

Tena nankasitrahany vahoaka tany Angletera ny nampidirana antsokosoko ilay Baiboly nadikan'i Tyndale. Nankahala izany kosa ireo mpitondra fanjakana. Teo am-pandikana ny Testamenta Taloha tamin'ny taona 1535, dia nisy namadika i Tyndale. Rehefa nampijalina tao am-ponja nandritra ny 500 andro izy, dia novonoina ho maritiora. Nofatorana tamin'ny rojo vy izy sady nodorana velona. Ireo namany nahatoky no nanohy ny asany, ka nivoaka taona vitsivitsy taorian'ny nahafatesany ny Baiboly izay nadikany.<sup>3</sup>

## Ny fiaretan'ireo mpanavao fivavahana.

Nahoana no niaritra fampijaliana sy fahoriana, hatramin'ny fahafatesana aza, ireo lehilahy ireo tamin'ny fanapariahana ny tenin'Andriamanitra tamin'ny vahoaka? Satria nanana faniriana fatratraizy ireo mba hahafantaran'ny vahoaka ny fahamarinana avy amin'Andriamanitra. Rehefa nisokatra ny masom-panahin'ny olona ka nahita ny fahamarinana tao amin'ny tenin'Andriamanitra, dia nahita izy ireo ny fifanoherana nisy teo amin'ny tenin'Andriamanitra sy ny fampianaran'ireo pretra. Ny fahamarinana dia nanafaka azy ireo tamin'ny fangejan'ny tahotra noho ny nataon'ireo rafitra samihafa teo amin'ny fiangonana.

I Ellen White koa dia nandalo fanandramana mitovitovy amin'izay nolalovan'ireo mpanavao fivavahana mba hahatonga ny olona ho afaka mamaky ny Soratra Masina. "Ny Baiboly dia tsy natao ho an'ny Pasitora sy ireo olona nandranto fianarana ihany. Ny olona rehetra - lehilahy, vehivavy, eny, na ny ankizy koa aza, dia samy tokony hamaky ny Baiboly ho an'ny tenany manokana. Aza miantehitra amin'ny Pasitora mba hamaky ny tenin'Andriamanitra ho anareo. Ny Baiboly dia tenin'Andriamanitra ho anareo. Ny mahantara sy ny manankarena, ireo tsy nahita fianarana sy nandia fianarana dia samy mila azy. Ary nataon'i Kristy izay hampahazava azy tsara, ka izay rehetra mamaky azy dia tsy ho solafaka."<sup>4</sup>

Noho ny filamatra prôtestanta izay manaiky ny famakiana manontolo izay voasoratra sy ny

famelana ny Baiboly hanazava ny tenany, dia maro amin'ireo fahamarinana fototra - ny Sabata, ny momba ny maty, ny fitoerana masina ary ny fitsarana famotopotorana - no najoro sy neken'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro fahafito tamin'ny fananganana azy tamin'ny fomba ôfisialy, tamin'ny taona 1863.

Toy izao no nosoratan'i Ellen White mikasika ny famakafakana ireo fototra ara-Baiboly voalaza etsy ambony: "Hiram Edson sy ireo olona hafa nazoto, ambony ary marina, dia anisan'ireo izay nikatsaka ny fahamarinana tahaka ny harena nafenina, rehefa lasa ny fotoana tamin'ny 1844. Nihaona tamin'izy ireo aho, ary nianatra sy nivavaka tamin-kafanam-po izahay. Matetika izahay no niaraka nijanona hatramin'ny alina be, ary indraindray aza dia nandritra ny alina mihitsy, nivavaka mba hisian'ny fahazavana sy nianatra ny tenin'Andriamanitra. Imbetsaka mihitsy ireo rahalahy ireo no ivory nianatra ny Baiboly mba hahafantaran'izy ireo ny tiana hambara sy niomana ho amin'ny fampianarana izany amin-kery."<sup>5</sup>

## FOMBA FIJERY MITSIKERA

Ankehitriny dia misy olona izay tsy mankasitraka ny "famakiana amin'ny fomba tsotra" izay voasoratra. Mihevitra izy ireo fa ilaina ny mandinika ny Baiboly miaraka amin'ny fitsikerana (critique) mba hahitana ireo ampanhan'ny Soratra Masina izay misy heviny manokana ho antsika amin'izao taonjato faha-21 izao. Raha tokony hampitaha ny Soratra Masina amin'ny Soratra Masina izy ireo, dia ny

fahendren'olombelona no nataon'izy ireo ho mpitsara izay mety sy ilaina amin'izay tsy mety sy tsy ilaina.

Iray amin'ireo ady lehibe atrehintsika amin'ny maha-Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito antsika ny ady amin'ny fanekena ny fahefan'ny Baiboly.

Tadidio fa ny Baiboly irery ihany no arofanina ho antsika amin'ny famelana ny Baiboly hanazava ny tenany ihany, '*didy hanampy didy ary fitsipika hanampy fitsipika*'.

Mariho tsara ireto tari-dalana manaraka ireto ny amin'ny fanekena ny Baiboly amin'ny maha-izy azy: "Betsaka noho izay heverin'ny maro no takin'Andriamanitra amin'ireo mpanara-dia Azy. Raha toa ka tsy mampiorina ny fanantenantsika momba ny lanitra amin'ny fototra diso isika, dia tsy maintsy manaiky ny Baiboly araka izay famakiana azy sady mino fa ny tian'ny Tompo hambara dia izay nolazainy ihany."<sup>6</sup>

## FOMBA FANDINIHANA NY BAIBOLY

Ny Fiagonana Advantista dia manana antontan-taratasy ôfisialy mikasika ny fomba fianarana ny Baiboly. Nolaniana tamin'ny Kômity mpanatanteraky ny Foibe Manerantanin' ny Fiagonana Advantista nandritra ny favoriambe fanao isantaona tany Rio de Janeiro, tany Brésil izany. Misy fomba fandinihana ny Soratra Masina anankiroa hazavaina ao anatiny:

1. Ny fomba fandinika ny Baiboly miainga avy amin'ny fitsikerana arantara (méthode historico-critique) dia mampihen-danja ny finoana

an'Andriamanitra sy ny fankatoavana ny didiny. Ankoatra izany, satria ny fomba toy izany dia mitady hanimba ny fiheverana fa ny Baiboly dia azo avy amin'ny tsindrimandry (tafiditra ao anatin'izany ny firaiana misy eo amin'ny boky rehetra) ary koa mampihen-danja na mandika vilana ireo faminaniana apôkaliptika sy ireo ampaham-boky miresaka ny amin'ny andro farany ao amin'ny Baiboly. Noho izany, dia manoro hevitra ireo mpianatra Baiboly isika mba tsy hiantehitra sy hampiasa io fomba iray io.

2. Mifanohitra amin'ilay fomba voalaza tetsy ambony, dia mino izahay fa ilaina ny mametraka filamatra izay mifanaraka amin'ny fampianaran'ny Soratra Masina tenany ihany, izay miaro ny firaiana misy eo aminy, miorina amin'ny fiheverana fa ny Baiboly dia tenin'Andriamanitra. Ny fomba fandinika toy izany dia mitarika antsika ho amin'ny fanandramana mahafa-po sy mampanan-karena miaraka amin'Andriamanitra.<sup>7</sup>

Andriamanitra dia nanome baiko antsika avy any an-danitra mba ho mpiaro ny teniny, satria voaporofa marina izany sady nanova fiainan'olona maro. Izao tontolo izao dia feno olona izay mampifanaraka ny fitondrantenany amin'ny fironana misy. Misy ireo olona milaza fa ny zavatra rehetra dia miovaova miankina amin'ny fomba fijerin'ny olona (relatif) azy. Diso anefa izany fomba fiheverana izany! Misy ireo zavatra tsy miova mihitsy, ao amin'ny Tenin'Andriamanitra no ahitana azy ireny sy eo amin'ny fanarahantsika amim-pahatokiana ny Teniny.



## MANOKANA FOTOANA HO AN'NY TENIN'ANDRIAMANITRA

Miaina amin'ny vanim-potona faran'ny Laodikanina isika ankehitriny, izay toa endrika ivelambelany sisa no ahitana ny fivavahana kristianina. Ny devoly dia hanao izay rehetra azony atao mba tsy hampifantoka antsika amin'ny Baiboly sy ny fahamarinana. Ampiasainy avokoa ny fomba rehetra azo ampiasaina amin'izany: ny fialan-tsasatra, ny haino amanjery, ny fialam-boly, ny asa, ny mozika, ny fifandirana sy ny ady an-trano, ny fampianaran-diso, ny korontana eo amin'ny fianakaviana, ny olana ara-toe-karena - ny zavatra rehetra izay hampanalavitra antsika amin'ny tenin'Andriamanitra.

Izao no fotoana mety indrindra hamakiana ny Baiboly isan'andro. Ny Tenin'Andriamanitra dia teny

manana ny lanjany lehibe tokoa satria Izzy no mampihaona antsika amin'i Jesôsy Kristy. Mampianatra antsika ny Soratra Masina fa ny fiainana mandrakizay dia azo avy amin'ny alalan'ny fiateherana tanteraka Aminy. Manambara amintsika ny momba ny fiainany sy fahafatesany ary ny fitsanganany tamin'ny maty mbamin'ny asa fisoronana ataony ho antsika ao amin'ny Efitra Masina Indrindra any an-danitra izy. Mampahatsiahy antsika ihany koa izy fa ny Sabata no tombokase sy fifanekena manokana eo amin'i Kristy sy ny vahoaka izay mitandrina ny didiny. Manamafy orina ny finoantsika sy ny fanantenantsika ny fiavian'i Kristy, Mpanavotra antsika izany. Manampy antsika koa izy mampahafantatra fa isika dia manompo Andriamanitra izay mandresy mandrakariva ary ny fiangonany dia mivoaka ho mpandresy mandrakariva

manoloana ny famelezana atao'ny devoly.

Izao no fotoana mety indrindra hanamafisana orina ny finoana sy hanana fahatokiana tanteraka ny tenin'Andriamanitra. Fantatsika tsara fa ho avy ny fotoana izay tsy ahafahantsika miantehitra intsony amin'izay fantatsika fa tokony hatao, ho avy ny fotoana izay hisian'ny «famitahana lehibe »<sup>8</sup> sy ny fahadisoam-panantenana, ary “*raha azo atao, na dia ny olom-boafidy aza dia hofitahina.*” - Mat. 24:24.

## IZAO NO FOTOANA

Ho avy ny tafio-drivotra. Izao no fotoana mety indrindra hananganana fototrahoan'ny Tenin'Andriamanitra. I Jesôsy tenany mihitsy dia nilaza ny amin'ny tokony hahavonona antsika: « Koa amin'izany na zovy na zovy no mandre izany teniko izany ka mankato azy, dia hoharina amin'ny lehilahy manan-tsaina izy, izay nanorina ny trano teo ambonin'ny vatolampy. Ary latsaka ny ranonorana, ka misy riaka be, sady nifofosofy ny rivotra ka namely izany trano izany; nefy tsy nianjera izy, satria efa naorina teo ambonin'ny vatolampy. » - Mat. 7:24,25.

Ny finoana sy ny fahatokiantsika dia tsy maintsy miorina eo amin'ilay Tenin'Andriamanitra tsy manam-petra. Ny Baiboly, izay voatahiry sy voahisy tombokase tamin'ny ran'ireo maritiora, dia mihoatra lavitra noho ny fotoana sy ny kolontsaina. Tenin'Andriamanitra velona izany, ary eo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina, dia azon- tsika atao ny hahita valiny amin'ireo izay tena manahiran-

tsaina antsika indrindra amin'izao fotoana izao.

# Fanontaniana natao hosaintsainina sy hifampizaràna:

**1** Inona no hevitra arantataran'ny nandoroana ny taolan'i Wycliffe hitanao?

**2** Amin'ny fomba ahoana no hanatsarantsika ny fianarana Baiboly mba handraisantsika tombontsoa bebe kokoa avy amin'izany ?

**3** Inona no tiana hambara amin'ny hoe: “ho avy ny tafio-drivotra?” Manao ahoana ny fiomananao ho amin'izany?

1 George Townsend, *The Acts and Monuments of John Foxe: With a Life of the Martyrologist, and Vindication of the Work*, vol. 3, p. 96.

2 Ellen G. White, *The Great Controversy* (Mountain View, Calif.: Pacific Press Pub. Assn., 1911), p. 196.

3 “William Tyndale,” at <http://greatsite.com/timeline-english-bible-history/william-tyndale.html>.

4 Ellen G. White, *Manuscript 12*, Feb. 7, 1901.

5 Ellen G. White, *Selected Messages* (Washington, D.C.: Review and Herald Pub. Assn., 1958, 1980), book 1, p. 206.

6 Ellen G. White, *Testimonies for the Church* (Mountain View, Calif.: Pacific Press Pub. Assn., 1948), vol. 5, p. 171.

7 “Methods of Bible Study,” in <https://www.adventist.org/en/information/official-statements/documents/article/go-/methods-of-bible-study/>.

8 Ellen G. White, *The Great Controversy*, p. 624.

# MANDRAY ny FILAZANTSARA

Nosoratan'  
i Hans Heinz

Izynonanoro ahny Filazantsara.»  
(Philipp Melanchthon)

Indray andro, i Philipp Melanchthon, ilay mpitandro fiavanana sy mpikatsaka ny marimaritra iraisana ary mpiara-miombona antoka tamin'i Martin Luther, dia nanontanian'ireo namany ny amin'ny antony nhatonga azy nanaraka an'i Luther na dia mafy loha sy mpanao didy jadona ary tsy mahafinaritra aza indraindray ity lehilahy lehibe arahiny ity. Namaly tsotra sy mahitsy i Melanchthon, anankiray tamin'ireo manam-pahaizana tamin'ny vanimpotoanan'ny Fanavaozana, hoe: «Izy no nanoro ahy ny Filazantsara.»

Noho ny hery miasa mangina avy amin'i Luther sy ny Fanavaozana dia tafaverina ho ivon'ny finoana kristianina ny «Filazantsara» tany amin'ny fi-andohan'ny vanim-potoana môderina. Araka ny voalazan'ny apôstôly Paoly: ny filazantsara dia «herin'Andriamanitra ho famonjena izay rehetra mino.» - Rôm. 1:16.

Ity famaritana nomen'ny apôstôly ity dia mirakitra teny dimy manan-danja manokana:

HERINANDRO FIARAH-A-MIVAVAKA

ALAHDY

## NY FILAZANTSARA

Ny filazantsara dia midika hoe «vaovao mahafaly,» ilay «hafatra mahafaly,» ilay «hafatry ny fandresena.» Io no «filazantsaran'Andriamanitra » (Rôm. 1:1) satria avy amin' Andriamanitra ilay izy sady miresaka ny amin' Andriamanitra. « Filazantsaran'i Kristy » (Rôm. 15:19) ihany koa ilay izy, izany hoe, mivoy ny hafatra mikasika ny ny iraka, ny sorona, ny fahafatesan'i Jesosy avy any Nazareta, ilay Mesia, ny fanelanelanana ataony eo anatrehan'Andriamanitra ho an'ny vahoakany izay mbola miaina sy mitolona eto amin'ity tany ity, ary ny fiverenany indray izay hamaranany ny asany amin'ny farany. Noho izany, ny filazantsara dia mampahery antsika satria izy dia miresaka ny amin'i Kristy ho avy indray mba hanova izao tontolo izao. Ny filazantsara izany no mitondra vahaolana fototra ho an'ny taranak'olombelona: « Ny filazantsara (...) no hany fanefitra amin'ny fahotana. »<sup>1</sup>

Ankoatra izany, ny filazantsara dia miresaka ihany koa mikasika ny fandreseny ny fahafatesana, ny fanelanelanana ataony eo anatrehan'Andriamanitra ho an'ny vahoakany izay mbola velona sy sahirana eto amin'ity izao tontolo izao ity, ary koa ny amin'ny fiverenany amin'ny hoavy mba hamita ny asany. Noho izany, ny filazantsara dia manoro antsika fa aorian'ity «famonjena ny tontolo very» ity dia hiverina indray i Kristy

ka « hanova ny zavatra rehetra. » Ny filazantsara dia manome vahaolana amin'ny fototry ny olantsika olombelona: « Ny amin'ny fahotana sy ny fahoriania eto an-tany dia ny filazantsara ihany no fanafodiny. »

## NY HERIN'ANDRIAMANITRA

Manana hery mamorona ny filazantsara satria izy dia Tenin'Andriamanitra. Tsy manana izany hery izany ny tenin' olombelona. Matetika izy ireny dia tsy misy afa-tsy « varatra sy tafiotra » fotsiny. Fa rehefa manambara ny filazantsara Andriamanitra, dia tanteraka izay zavatra lazainy; ary ny olona rehetra izay mino dia mandray ny famonjena.

## NY FAMONJENA

Tsy vokatry ny tombantombana ara-pilôzôfia ny famonjena, na vokatry ny petra-kevitra sy fahendrena norantovina avy tao anaty boky. Ny famonjena ny olombelona amin'ny fahamelohana dia tsy avy amin'ny lahatenin'ny olombelona, fa vokatry ny asan'Andriamanitra sy ny fanafahana avy Aminy. Io no antsoin'i Luther hoe «admirable commercium»<sup>2</sup> - ilay fifanakalozana mahagaga na ilay fisoloana mahatalanjona.

Teo amin'ny hazo fijaliana, « Andriamanitra *tao amin'i Kristy* » (2 Kor. 5:19) dia nisolo toerana an'izao tontolo izao. Noraisiny teo Aminy ny fitsarana izay tokony ho nihatra tamin'ny mpanota: « Ilay mpitsara no notsaraina teo amin'ny

toerantsika. »<sup>3</sup> Noraisiny ho an'ny tenany ny sazy ary nomeny antsika ny fahamarinany (and. 21); tonga malemy ary nomeny antsika ny heriny (2 Kôr. 12:9); tonga mahantara Izy mba hampanan-karena antsika (2 Kôr. 8:9); natakalony fahoriania ny voninahitra, fijaliana ny fifaliana, ary natao tsinontsinona Izy (Fil. 2:7), izay mifanohitra tanteraka amin'ny maha-Izy Azy « rehetra » mba hananantsika ny « rehetra » na dia tsy manana na inona na inona akory aza isika.<sup>4</sup> (2 Kôr. 6:10).

## HO AN'NY REHETRA

Ireo vokatra mahatalanjon'ny filazantsara dia tsy natao ho an'ny firenena iray manokana, na amin'ny maha-lahy na ny maha-vavy na koa ny toerana eo anivon'ny fiaraha-monina, fa ho an'ny rehetra kosa.

Nandritra ny fanandramana niainan'ny apôstôly Paoly tamin'ny dia izay nataony ho any Damaskôsy, dia nirehareha fatratra tamin'ny maha-jiosy sy ny fahamarinany amin'ny maha-Fariseo azy izy (Fil. 3: 4-6); tonga naman'ny firenena jentilisa izay nahitana rahalahy kristianina maro anefa izy. Izy ireo no «fifaliany sy satroboninahiny» (Fil. 4:1). Ho azy, ny fijalian'i Kristy sy ny fahafatesany ho an'ny rehetra (1 Tim. 2:6) no namafa ny fanavakavahana samihafa nisy teo amin'ny firenena, teo amin'ny fiaraha-monina ary koa teo amin'ny maha-lahy na mahavavy (Gal. 3:26-28). Manala ny sakana rehetra ny filazantsara ary manangana fiaraha-monina iray vaovao ahitana firenena maro samy hafa. Ao amin'i Kristy, ny olona samy hafa fiaviana, nandray

fanabeazana samihafa dia tafiditra ao anatin'ny antsoina hoe «familia Dei» na fianakavian'Andriamanitra. «Manala ny rindrin'ny fisaratsarahana, ny fanavakahana arapirenena izay mampizarazara ny olona, sady mampianatra antsika mba ho tia ny taranak'olombelona manontolo i Kristy.»<sup>5</sup> Ambonin'izany rehetra izany dia tonga «zanak'Andriamanitra» ny olombelona rehetra. I Kristy no mampiray antsika tsy amintsika samy isika ihany, fa indrindra koa amintsika sy Andriamanitra tamin'ny alalan'ny fahafatesany izay nahazoantsika famonjena, nampifandraisany tamin'ny olombelona indray Andriamanitra. Tamin'ny fomba manao ahoana?

### AMIN'NY ALALAN'NY FINOANA AN'I KRISTY

Rehefa miresaka ny hoe «mino» i Paoly, dia tsy miresaka zavatra alaina sary an-tsaina fotsiny, na koa fanekena fanambarana manokana. Ny hoe «mino» ao amin'ny Soratra Masina - ny Testamenta Taloha tamin'izany fotoana izany - dia midika hoe «mhazona mafy, maka ho an'ny tena, mahatoky.»<sup>6</sup> Ao amin'ny Testamenta Vaovao, ny finoana dia midika hoe «mahatoky» amin'ny endrika maro samy hafa. Mahazo ny famonjena isika - ny famelana ny helontsika, ny faneken'Andriamanitra, ny fanavaozana ny fainana sy ny fanavotana amin'ny farany - amin'ny fianterantsika amin'ny fampanantenana ny famonjena ao amin'i Kristy, amin'ny fitazonana izany mafy, sy amin'ny fitoerana ho mahatoky hatramin'ny farany. Izay hamonjy ny «ratsy», na ny

mpanota, dia tsy ny zava-bitany eo amin'ny lafiny ara-pivavahana (ny asany) fa ny fananany fahatokiana an'Andriamanitra, izay mihevitra antsika ho toy ny tsy nanota akory ao amin'i Kristy (Rôm. 4:5). Ny fanamarinana ny mpanota, izany hoe ny fanambarana fa marina manoloana ny sezà fiandrianan'ny famindrampon'Andriamanitra, dia amin'ny alalan'ny finoana ihany no hahatanteraka izany, fa tsy amin'ny asan'ny lalàna (Gal 2:16).

Nino ny fiangonana fa nitahiry ity filazantsara ity nandritra ny taonjato maro, ary izy koa no mpandika mahatoky izany. Maro amin'ireo izay nihevitra fa nahatakatra ny tian'i Paoly hambara no manadino ny votoatin'ny hafatra tiany hampitaina. Ny karazana «fanamarinana tsy misy tsiny avy amin'ny asa»<sup>7</sup> dia nahazo laka teo amin'ny fivavahana kristianina ary namadika ny fitoriana ny famonjena amin'ny alalan'ny fahasoavana raisina amim-pinoana izay notorin'ireo apôstôly ho lasa famonjena amin'ny alalan'ny asa.

Noho ny hery miasa manginan'ny fandalana ny fitandremana ny lalàna avy ao amin'ny sinagôga, ny fampianarana grika sy ny fiheveran'ny rômanina ny lalana, ny fanafahana ny mpanota amin'ny alalan'ny fahasoavana dia nosoloana «asa «<sup>8</sup> tsy maintsy atao, ka amin'ny alalan'izany no anombanan'ireo izay mitady ny famonjena raha toa ka efa ampy ny asa nataon'izy ireo mba hahamendrika azy ireo. Misy ny feo izay manohitra izany kanefa izy ireny dia tsy mazava tsara na koa tsy noraharahaina mihitsy.

Taorian'izany dia naverin'ny Fanavaozanatamin'nytaonjatofaha-16 indray ny hafatra miezinezina izay notorin'ny apôstôly: « Ny marina amin'ny finoana no ho velona » - Rôm. 1:17; dia nanomboka nihanazava indray ilay izy ary ny fivavahana kristianina dia nahatakatra indray fa «Ny hany voninahitry ny Kristianina dia ao amin'i Jesôsy Kristy ihery ihany.»<sup>9</sup>

## Fanontaniana natao **hosaintsainina** sy **hifampizaràna:**

- 1** Tamin'ny fomba ahoana no nanovan'ny filazantsara ny fiaianao? Inona no zavatra azonao tamin'izany?
- 2** Amin'ny fomba ahoana no ifandraisantsika amin'ireo olona izay tsy mino afá-tsý ny siansa sy hanehoantsika amin'izy ireo fa izy ireo koa dia mila ny filazantsara?
- 3** Inonano fanasitrana nanaentin'ny hafatry ny fanamarinana amin'ny finoana irery ihany ho an'ny fanahintsika?
- 4** Inona ao amin'ny filazantsara no mety hanaitra indray ny fahalianan'ny tanora sy ny zandriolona amin'ny mahazava-dehibe ny finoana kristianina?

1 Ellen G. White, *Le Ministère de la guérison*, p. 116.

2 Karl Barth, *Church Dogmatics*, T&T Clark, Édimbourg, 2009, vol. IV.1, p. 211.

3 Martin Luther, *Luthers Schriften: Weimar Edition*, Metzler, Stuttgart, 2003, vol. 7, p. 25.

4 Horst Pöhlmann, *Abriss der Dogmatik*, Gütersloher Verlag, Gütersloh, 1975, p. 185.

5 Ellen G. White, *Jésus-Christ*, p. 824.

6 Rolf Luther, *Neutestamentliches Wörterbuch*, Furche Verlag, Hambourg, 1963, p. 95.

7 Barth, p. 523.

8 Tertullian, *De poenitentia*, p. 6.

9 Martin Luther, *Luthers Schriften: Weimar Edition*, Metzler, Stuttgart, 2003, vol. 13, p. 570.

# Ny FOTOTRY ny FAMONJENA ANTSIIKA

**N**ateraka indray aho tao anatin'ny indray mipy-maso ary niditra ny vavahadin'ny paradisa misokatra.» (Martin Luther)

Ny foto-pinoana mikasika ny fanamarinana amin'ny finoana irery ihany no « fitoerana masin'ny fanavaozana. »<sup>1</sup> Rehefa nahatakatra ny hevitry ny teny fikasana kanto loatra mikasika ny fanamarinana ny mpanota amin'ny alalan'ny finoana an'ilay Voahombo i Martin Luther dia toy ny efa niditra ny vavahadin'ny paradisa sahadys izy.

## FANAHY EO AM- PITOLOMANA

Amin'ny maha-pretra sy mpampianatratra teôlôjia azy, dia sahirantsaina nandritra ny taona maro i Luther tamin'ny fahatakarana izay nambaran'i Paoly: «*Fa amin'izany no anehoana fahamarinana avy amin'Andriamanitra.*» - Rôm. 1:17. Tsy nilamina mihitsy ny sainy nieritreritra izany fanambarana izany andro aman'alina. Halany ilay teny hoe « fahamarinan'Andriamanitra » satria fantany tsara ny hevitry filôzôfika ao ambadik'izany,

HERINANDRO FIARAH-A-MIVAVAKA

## ALATSINAINY

araka ny fampianaran'ireo mpampianatratra nalaza sy ireo manampahaizana teo amin'ny tantaran'ny fiangonana, fa izany dia midika ho ilay fahamarinana izay takin' Andriamanitra avy amin'ny mpanota. Ireto farany anefa dia tsy afaka maneho izany fahamarinana izany, ka dia latsaka ao amin'ny fitsaran'Andriamanitra.

**«Ny Fanahy Masina no nanambara tamiko ny Soratra Masina tao amin'ilay tilikambo.»**

Tamin'ny taona 1545, herintaona talohan'ny nahafatesany, ilay pretra ao amin'ny vondron'ny « Augustin » teo aloha ary tonga Mpanavao fivavahana dia niverina nisaina indray ny fiainany sy ny finoany ary ny fanaony. Tamin' izay no nahatsapany fa ny «fahamarinan'Andriamanitra» dia tsy zavatra takina, fa fanomezana; ho an'izay rehetra mino an'i Jesôsy Kristy, Andriamanitra dia nanisa izany ho fahamarinany. Izay no takatr'i Luther tao amin'ilay efitrano maizin'ny tilikambon'ny Mônastera tao Wittenberg: «Ny Fanahy Masina no nanambara tamiko ny Soratra Masina tao amin'ilay tilikambo.»<sup>2</sup>

## NY FAHAMARINANA ARAKA IZAY VOALAZAN'NY BAIBOLY

«Vonjeo amin'ny fahamarinanao aho !» - Sal. 31:1. Tany amin'ny Testamenta Taloha dia efa hita soritra ny

fahamarinan'Andriamanitra. Rehefa nandray ny teny fikasana Abrahama fa ho marobe ny taranany, (Gen. 15:5), dia tsy «olona tonga lafatra» tsy akory izy, fa mpanota, tahaka antsika ihany. Saingy noho izy natoky ny teny fikasan'Andriamanitra, dia nisain'Andriamanitra ho fahamarinany izany (and. 6). Midika izany fa Andriamanitra dia nihevitra an'i Abrahama ho «marina» noho ny finoany. Ny teny hoe «ratsy fanahy» ao amin'ny Baiboly dia tsy entina hilazana ireo tsy mpino an'Andriamanitra na «Athée», fa ny «mpanota» amin'ny ankabobeny (Sal. 1:1; Ohab. 11:31), toy izany ihany koa ny hoe « marina » dia tsy ireo olona « tsy misy ota, » fa ireo izay « mino » (jereo Hab. 2:4). Izany dia nahatonga ny apôstôly Paoly nanambara fa na dia tamin'ny fanekem-pihavanana taloha aza dia tsy nohamarinina tamin'ny asa ny olona fa tamin'ny finoana (Rôm. 4:6-8). Noho izany, ilay « manamarina », izay «manambara fa marina», na «manisa ny olona ho marina,» dia Andriamanitra irery ihany: «*Jehovah no fahamarinantsika*» - Jer. 23:6.

Noho izany, ny teny hoe «fahamarinana» ao amin'ny Baiboly dia tsy fomba fiteny entina hilazana zavatra ara-pitondrantena na ara-pôlitika fa fomba fiteny ara-pivavahana. Ireo olona izay manaja ny lalànan'ny fanjakana sy ny governemanta, izay manaradàna, dia tsy miavaka eto amin'ity izao tontolo izao ity. Fa ny olona iray izay mihevi-tena fa marina eo anatrehan'Andriamanitra dia latsaka amin'ny fahadisoana mampidi-doza. Izany no nahatonga ny mpanao Salamo ao amin'ny

Testamenta Taloha hiaiky fa « tsy misy olombelona marina » eo anatrehan'Andriamanitra (Sal. 143:2).

Noho izany, na iza na iza te hiseho eo anatrehan'Andriamanitra fa « marina » dia tsy maintsy mitafy ny fahamarinan'i Kristy izy. Izany no nahatonga ny mpanao Salamo hilaza hoe: «*Vonjeo amin'ny fahamarinanao aho* » - Sal. 31:1; 71:2. Io fahamarinana io dia fahamarinana mahavonjy aloha - fahamarinana izay mamonjy fa tsy manasazy.

Araka ny hita ao amin'ny Testamenta Vaovao, izany dia midika fa ilay Andriamanitra izay nizaka ny fahamelohana sy ny fitsarana ity tontolo ratsy ity (Jao. 1:29), dia nandoa ny vidin'izany fahamelohana izany tamin'ny nahafatesan'ny Zanany izay marina sy tsy misy tsiny. Noho io sorona izay nataon'i Jesôsy teo amin'ny hazo fijaliana io, dia afaka mamela ny helok'izay rehetra tsy marina; manaiky azy ireo, ary manome fisainana vaovao azy ireo, sy mamelembelona indray, ary manome fanantenana ho an'ny tontolo vaovao sy anjakan'ny fahamarinana Izy. Izay rehetra mandà io fanomezana io dia hizaka ny vokatry ny helony ihany (Heb. 10:29,30).

## TSY NAHALALA IZY IREO

«Fa satria tsy nahalala ny fahamarinana avy amin' Andriamanitra izy » - Rôm. 10:3. Ireo mpaminanin'ny Testamenta Taloha dia nampianatra mazava fa ny famonjena dia tsy azo avy

amin'ny hatsaran-toetran'ny olombelona (Isa. 64:5). Ny famonjena antsika dia mitaky ny fahamarinana avy amin'Andriamanitra - fahamarinana izay omeny amin'ny alalan'ny famelan-keloka sy ny faneken'ny famindrampony. Izany fahamarinana izany anefa dia nanjavozavo nandritra ny taonjato maro taorian'ny vanim-potoanan'ny Testamenta Taloha.

Nandritra io fotoana io, dia nampitovina lenta tamin'ny teny voasoratra ao amin'ny Baiboly ny fampianarana am-bava teo amin'ny famoaboasana ny teny avy tamin'ny fanambarana avy amin'Andriamanitra. Ny Soratra Masina nafangaro tamin'ny lovantsofina am-bava no lasa fototry ny finoana. Nampiana fotokevitra marobe mifandray amin'ny fitandremana azy ny lalàna na ny 'torah'. Nisy lalàna vitsivitsy nosoloana tamin'ireo tari-dalana (Mat. 15:1-6) ary novana mihitsy aza izy (Rôm. 9:31,32). Ny zavatra natao ho «tari-dalana ho an'ny fiaianana» dia niova ho «fomba hahazoana ny famonjena».

Tamin'ny andron'i Jesôsy, izany fiheverana diso izany dia nitarika ny fariseo tamin'ny fombafombampivavahana ivelany fotsiny (Mat. 23:23) sy tamin'ny avonavona arapanahy mihitsy aza. (Lio. 18:9-14)

Ny fahalalana ny maha-ilaina ny fahasoavan'Andriamanitra anefa dia tsy very tanteraka, araka izay asehon'ny apôkrifa ao amin'ny Testamenta Taloha.<sup>3</sup> Kanefa dia nampitomboina hatrany hatrany ny fanomezan-danja ny asan'ny olona hatramin'ny fananany fahefana hamela heloka<sup>4</sup> aza sy ny fakany ho

an'ny tenany ny fahamendrehana eo anatrehan'Andriamanitra.<sup>5</sup>

Ny fiaianana manontolo dia lasa «ziogam-panandevozana», ary ny Fariseo dia sahirana mampiseho amin'ny endriny ivelany ny fivavahany. Zavatra iray loha ihany no nokatsahin'izy ireo dia ny fitadiavam-boninahitra ho an'ny tenany miaraka amin'ny finoana fa ny fahamarinany dia « pasipaoro hoentiny any an-danitra. »<sup>6</sup>

### FANAHY VERY, ILAY ANDRIAMANITRA FITIAVANA

I Jesôsy dia nanohitra mazava tsara ity foto-pinoana momba ny famonjena ity amin'ny «Tsia» mazava tsara. Izy dia nitana sy nampianatra tamin'ny endrika hafa mihitsy ny momba an'Andriamanitra sy ny olombelona. Nandinika fatratra ny toetry ny olombelona izy mihoatra noho ireo mpiara-belona taminy. Ny olona izay manana «eritreritra ratsy» (Mat. 15:19) ao am-pony dia tsy afaka manao izay tsara eo anatrehan'Andriamanitra. Mila fiovam-po mahery vaika sy finoana ny filazantsara ny olona toy izany (Mar. 1:15). Eny, fa na dia efa lasa mpianatra aza isika, dia tsy maintsy miankina tanteraka amin'Andriamanitra, satria isika dia tsy mahay na inona na inona (Mat. 5:3). Na dia efa manaraka an'i Jesôsy aza isika, ny asa ataontsika dia tsy mitondra fahamendrehana ho antsika velively; vokatry ny fitoerany mandrakariva ao am-pontsika izany (Lio. 17:10).

Andriamanitra, ilay Raïntsika be famindrampo, dia tsy mitsahatra mitia ny zanany very; Izy dia mamela ny mpifahavalô amin'ny fotoana rehetra ary manaiky azy ireo amim-pifaliana (Lio. 15:20-24). Isika, amin'ny maha-mpianany dia voaantsso hiasa. Kanefa ny valisoa azontsika noho ny ezaka ataontsika dia tsy azontsika atao ny mitaky izany Aminy, satria Izy dia manome antsika mandrakariva ny tsara indrindra na dia tsy mendrika izany aza isika (Mat. 20:15). Tsy voatery hanome valisoa ho antsika Andriamanitra, fa fanomezana

fanampiny fotsiny izany noho ny haben'ny fahatsarany.

Nanana tombony i Martin Luther raha nampitahaina tamin'ireo mpanohitra azy satria tsy vitan'ny hoe nahazo izany fahalalana izany izy fa niaina tamin'izany mihitsy. Tamin'ny alalan'ny ady maro samy hafa natrehiny, niarakâ tamin'ny teôlôjia tamin'ny fotoan'androny sy ireo mpomba azy, dia tsapany fa ny fototry ny fanandramana kristianina dia: « Ny fahamarinana dia ny faneke na an'i Kristy.»<sup>7</sup>

## Fanontaniana natao hosaintsainina sy hifampizaràna:

- 1** Inona no maha-samy hafa ny fahatakaran'ny olona tsotra ny atao hoe « fahamarinana » sy izay antsoin'ny Baiboly hoe «faharimanan' Andriamanitra»?
- 2** Amin'ny lafiny inona no maha-zava-dehibe ny fahamarin'an'Andriamanitra raha ampitahaina amin'ny fahamarin'an'izao tontolo izao? Ahoana no ahafahantsika manazava izany amin'ireo mpiara-belona amintsika, na tanora na antitra?
- 3** Amin'inona no maha-samy hafa ny fiheveran'i Jesôsy mikasika an'Andriamanitra sy ny olombelona raha ampitahaina amin' ny fomba fiheverana tamin'ny androny amin'izao fotoana ankehitriny izao ?

1 Wilhelm Dantine, *Die Gerechtmachung des Gottlosen* (Munich: Christian Kaiser Verlag, 1959), p. 248.

2 Martin Luther, *Tischreden*, 3, 3232c.

3 Baroka 2:19, 27.

4 Tobia 12:9.

5 H. L. Strack and P. Billerbeck, *Kommentar zum Neuen Testament aus Talmud und Midrasch* (Munich: Beck, 1961), Vol. IV/1, p. 491.

6 Ellen G. White, *The Desire of Ages* (Mountain View, Calif.: Pacific Press Pub. Assn., 1898), pp. 204, 612, 409, 309.

7 Martin Luther, *Luthers Schriften*: Weimar Edition (Stuttgart: Metzler, 2005), vol. 31/II, p. 439.

# Ny FAHAMARINANA: RESAKA FAMPIHARANA ny FANAMARINANA ... ary rehefa avy eo?

HERINANDRO FIARAHA-MIVAVAKA

## T A L A T A

**T**eny fotora: Ny fiaianana kristianina dia «fiaianam-pinoana sy fandresena ary fifaliana ao amin'Andriamanitra » (Ellen G. White).

Ny finoana ihany no manamarina, tsy mijanona eo anefa ny tantara.

Taorian'ny fijoroana ho vavolombelona feno herim-po nataon'i Martin Lotera teo anatrehan'ny emperoro sy ny andriana ary ny teôlôjianina tamin'ny 18 Aprily 1521, izay tsy netezany niala tamin'ny heviny, dia samy nihika ireo rehetra nanodidina ny emperoro hoe: «Ny fandoroana velona no mendrika azy!»

Natsangan'i Lotera ambony ny tanany sady nihika mafy izy hoe: «Efa nandalo tamin'ny afo aho, efa nandalovako izany.»

**SARY AN'OHATRA  
MAHALIANA ANEHOANA NY  
FAHAMARINANA AMIN'NY  
FINOANA?**

«*Indreo, efa tonga vaovao ireo»*  
- 2 Kôr. 5:17.

Ity fisehoan-javatra miavaka teo amin'ny tantaran'ny fanavaozana ity dia tonga sary an'ohatry ny hevity ny fanamarinana amin'ny finoana. Na dia tsy navotsotra aza i Lotera, dia nanana herim-po izy nijoro teo anatrehan'ny fitsarana. Ao amin'ny fitsaran'Andriamanitra kosa, ny mpino dia afahana noho ny famonjena izay nataon'i Kristy. Amim-pinoana dia tsy mandalo fitsarana isika fa «*tafafindra niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny fiaianana*» - Jao. 5:24.

Misy fahasamihafana goavana eo amin'ny fitsaran'olombelona sy ny fitsaran'Andriamanitra: ny mpitsara olombelona dia afaka manafaka fotsiny ihany, fa Ilay Andriamanitra mpitsara kosa dia afaka mamorona indray. Ny fanafahana izay ataon'Andriamanitra dia manova ny olona amin'ny maha-nofo azy ho tonga olona ara-panahy: rehefa nohamarinana tamin'ny finoana, ny mpino dia tena lasa marina tanteraka! Ho an'ny mpanavao fivavahana, ny fanamarinana sy ny fiaianana marina mitambatra dia midika ho «fanamarinana feno amin'ny endrinly mivelatra kokoa.»<sup>1</sup>

Anio isika dia hiresaka momba ny «fanamarinana» (famelankeloka) sy «fanamasinana» (mandresy ny fahotana).

Ho an'i Ellen White, ny fiaianana kristianina dia: «fiaianam-pinoana sy fandresena ary fifaliana ao amin'Andriamanitra.»<sup>2</sup> Noho izany,

dia fanombohan'ny fiainana vaovao amin'ny fomba mahagaga.<sup>3</sup>

Amin'ny finoana no handraisantsika an'i Jesôsy sy mampilefitra antsika amin'ny fanjakan'ny lanitra. I Kristy sy ny Fanahy Masina no manome antsika fiainana ara-panahy mavitrika sy velombelona - vokatra sy fanehoana ilay famonjena izay noraisintsika. Amin'ny sisa ny fainantsika dia ho fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra sy ho fanasoavana ny hafa, satria ny finoana, araka ny nambaran'ilay mpanavao fivavahana dia «asan'Andriamanitra ao amintsika izay manova antsika sy mahatonga antsika haterak'Andriamanitra» - Jao. 1:13.

Ny finoana dia «mamono ilay Adama taloha, manova ny fontsika, manome antsika risipo, manavao ny fisainana sy ny fahaiza-manaontsika, ary miaraka amin'ny Fanahy Masina. Misy zavatra velona, miasa ary mahery ao amin'ny finoana, izay mahatonga antsika tsy afaka ny tsy hanao ny tsara mandrakariva. Ambonin'izany, ny finoana dia tsy mangataka amintsika ny tsy maintsy hanaovantsika asa tsara, fa mialoha ny hangatahantsika izany, dia efa miteraka asa tsara ao anatintsika izy ary dia mitohy hatrany izany.»<sup>4</sup>

### FOMBA MANOME VONINAHITRA AN'ANDRIAMANITRA

« Mba handehanantsika kosa amin'ny fiainam-baovao » - Rôm. 6:4.

Na dia ity fiainana vaovao ity aza dia vokatry ny famonjena noraisina tamin'ny finoana, dia ilaina ihany koa anefa ny hahatonga ny fiainana kristianina hanana ny lanjany. Eo amin'ny asa famonjena, Andriamanitra dia tsy mikendry fotsiny ny hamela ny helontsika, fa indrindra ihany koa ny hanova antsika.

Raha vao mino an'i Kristy isika, dia tonga marina. Fa ny fanamasinana anefa dia dingana mitohy mandritra ny androm-piaainantsika. Ao amin'izany dingana izany, ny fanjakan'i Kristy dia manomboka ao amin'ny fiainan'ny mpino. Araka ny nambaran'i Lotera, izany no « fiandohan'ny fiainana vaovao. »<sup>5</sup> Manamarina ny mpino aloha i Kristy; rehefa avy eo, dia ampianariny isan'andro izy ireo mba banana hafanam-po amin'ny fivavahana eo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina.

Andriamanitra dia miasa amin'ny mpanota tahaka ilay «Samaritana tsara fanahy» izay namonjy ny ain'ilay lehilahy voaroba sy naratra mafy. Tahaka ilay Samaritana izay tsy nisalasala hanampy ilay Jiosy iray, dia maharikoriko an'Andriamanitra ihany koa ny mitia ireo izay miaina lavitra Azy (Rôm. 5:8). Ny fara tampon'ny fikasany dia ny hamonjy azy ireo (and. 10). Ary tahaka ilay Samaritana nanao izay rehetra azony natao sady nandoa ny saran'ny fitsaboana ilay naratra, tahaka izany ihany koa «Andriamanitra tao amin'i Kristy» dia «nanao izay rehetra azony natao sy nandoa ny zavatra rehetra» mba hampihavanana antsika Aminy sy hahatonga antsika ho olom-baovao ao Aminy (Jereo 2 Kôr. 5:17,19,21).

Mila fotoana mba hahasitrana azy ilay voaroban'ny jiolahy, tahaka izany ihany koa ho an'ny mpanota. Tsy maintsy mitombo izy ireo (2 Pet. 3:18). Ka na efa nandray ny famelan-keloka sy efa nanomboka fiainam-baovao aza izy dia mbola misy fahotana ihany ao aminy (Rôm. 7:17).

Amin'ny alalan'ny asan'ny Fanahy Masina dia tsy manjaka amin'ny fiaianan'ny Kristianina intsony ny ota. Azo lazaina fa efa voafehy izany (Gal. 5:16). Na izany aza, ny mpino dia tsy afaka miala amin'ny ady amin'ny fahotana (and. 13). Nantsoina mba handresy isika (1 Jao. 2:1), mahazo fampaherezana isika amin'ny fahafantarana fa ny famelan-keloka avy amin'Andriamanitra dia tsy hetsika indray mandeha ihany, fa atolotra mandrakariva ho an'ireo izay mibebaka (and.1, Heb. 7:25).

Nofaritan'i Lotera tamin'ny fomba manaitra izany disadisa misy eo amin'ny faniriana ho marina eo anatrehan'Andriamanitra sy ny ady amin'ny ota eto amin'izao tontolo izao izany. Ny fanamasinana dia dingana mitohy, ary tsy ho tanteraka raha tsy amin'ilay «andron'ny fitsarana»: «Izay tokony hatao eo amin'ny fiaianana, dia izay hahatongavana ho tena mpivavaka sy mba ho salama. Mbola tsy tratrantsika ny tanjona kanefa kosa miezaka isika. Mbola tsy tonga any amin'ny farany isika fa mbola eny an-dalana.»<sup>6</sup> Tafiditra ao amin'ny drafitr'Andriamanitra ny hahatonga antsika hihamasina isan'andro isan'andro.»<sup>7</sup>

Hevitra mitovy amin'izany ihany koa no nambaran'i Ellen White: ny fanamasinana dia «asa mandritra ny fiaianana,» «fanandraman'ny fiaianana iray manontolo,»

Ny ady atao amin'ny fahotana dia «asa isan'andro,» fa «ny finoana» kosa dia manome «fandresena» - na dia maharitra aza ny tolona ataontsika raha mbola miaina eto an-tany isika.<sup>8</sup>

## NY FITIAVANA AM-PERIN'ASA

«Ny finoana (...) izay miasa amin'ny fitiavana » - Gal. 5:6.

Ny fiaianana amin'ny fahamarinan'i Kristy amin'ny fiaianam-baovao dia miankina amin'ny finoana an'i Kristy. Ho an'ny apôstôly Paoly, izany finoana izany dia miseho amin'ny alalan'ny fitiavana, ary ny fitiavana miseho eo amin'ny asa.

Mbahahatakarantsikafanahazo ny fanomezan'ny fanamarinana sy ny fanamasinana ny mpino, dia matetika no oharina amin'ny vola \$100 izay omen'ny rainy ny zanany ny fanamarinana. Tsy tehirizin'ilay zanaka ho azy ilay vola fa atakalony vola madinika mba hanaovany asa soa: izany no antsoina hoe fanamasinana. Toy izao no fanazavan'i Lotera azy: « Satria ilay Ray namonto ny fiaianako tamin'ny harena tsy hita pesimpesenia, nahoana moa aho no tsy afaka manao amin-kalalahana, amimpifaliana, amin'ny foko manontolo, izay fantatro fa hahafaly azy sy hankasitrahana eo imasonry? Koa

dia hanolotra ny tenako tahaka an'i Kristy aho, ho an'ny namako, tahaka ny nahafoizan'i Kristy ny tenany ho ahy; ary tsy hanao na inona na inona eto amin'ity fiainana ity aho, raha tsy ny zavatra hitako fa tena ilaina, misy tombontsoa, ary mahavonjy ny namako, satria amin'ny finoana dia manana zavatra tsara betsaka aho ao amin'i Kristy. «<sup>9</sup>

## Fanontaniana natao **hosaintsainina sy hifampizaràna:**

- 1** Inona no fanomezana omen' Andriamanitra antsika amin'ny alalan'ny fanamarinana sy ny fanamasinana?
- 2** Inona no ifandrais'an'ny fana-masinana sy ny fahadiovana?
- 3** Inona no hevity ny fana-masinana eo amin'ny fiai-nana andavanandron'ny Kri-stianina?
- 4** Raha tsy mitondra famonjena ny fanamasinana, izy kosa dia fanehoana tsy azo ihodivirana ny famonjena. Mifanakaloza hevitra!

---

<sup>1</sup> Paul Althaus, *Die Theologie Martin Luther* (Gütersloh: Gütersloher Verlag, 1975), p. 205.

<sup>2</sup> Ellen G. White, *The Great Controversy* (Mountain View, Calif.: Pacific Press Pub. Assn., 1911), p. 477.

<sup>3</sup> Martin Luther, *Luthers Schriften*, Weimar Edition (Stuttgart: Metzler, 2006), vol. 39/I, p. 98.

<sup>4</sup> Nadika avy tamin'i Heinrich Bornkamm, *Luthers Vorreden zur Bibel* (Frankfurt am Main: Insel Verlag, 1983), p. 182.

<sup>5</sup> Luther, p. 83.

<sup>6</sup> Martin Luther, *Luthers Schriften*, Weimar Edition (Stuttgart: Metzler, 2003), vol. 7, p. 337.

<sup>7</sup> Martin Lotera, *Loteras Schriften*, Weimar Edition (Stuttgart: Metzler, 2006), vol. 40/II, p. 355.

<sup>8</sup> Ellen G. White, *The Acts of the Apostles* (Mountain View, Calif.: Pacific Press Pub. Assn., 1911), pp. 560, 561;

<sup>9</sup> *First Principles of the Reformation or The 95 Theses and the Three Primary Works of Dr. Martin Luther*, ed. Henry Wace and C. A. Buchheim (London: John Murray, 1883), p. 127.



# Ny DIDIN' ANDRIAMANITRA: MANEHO ny TOETRAN' ANDRIAMANITRA. Ny asa soa dia vokatry ny famonjena.

Mialoha indrindra ny fanavaozana ara-pivavahana dia fivavahana mahery sy mivaivay no tena nisongadina tamin'ny tontolo kristianina. Tamin'izany fotoana izany, ny ankamaroan'ny olona dia olona nafana fo tamin'ny fivavahana sy nahatoky tamin'ny Fiagonana. Na izany aza, dia nandeha tamin'ny lalan-diso ny fivavahan'izy ireo. Na dia ireo asasoratra katôlika aza dia niaiky fa: "Ny vavaka sy ny fiainana ary ny fampianarana dia lavitry ny Soratra Masina sy ny idealy apôstôlika."<sup>1</sup>

Ny fiainam-pivavahana dia matetika no voapentin'ny fomba-fomba sy ny fahazarana. Tany Cologne, any Allemagne fotsiny, dia lamesa an-jatony isan'andro no nankalazaina, Saingy tsy nisy fanompoam-pivavahana na dia iray aza natao tamin'ny fiteny teo antoerana, ary tsy nisy fampianarana ara-pivavahana nomena ny tanora. Nirohotra nankany amin'ny mônastera ny olona mba hitady fiarovana ho an'ny tenany sy ny arapanahy. Tamin'izany fotoana izany dia 20 tapitrisa teo ho eo ny mponina tany Allemagne, ary 1,5 tapitrisa ny isan'ny pretra isan-karazany. Tsy

HERINANDRO FIARAHA-MIVAVAKA

## ALAROBIA

nampirisihina hamaky ny Soratra Masina ny mpino, fa nasaina nanao fivahiniana masina - dia sarotra (Ohatra ny fandehanana tany Trèves, Allemagne, mba hijery ny «fitafiana masin'i Kristy»), na nosarihina hijery ireo karazana relika maro samy hafa. Ilay mpifidy nantsoina hoe Frederick de Saxe, ilay mpanjaka izay nanjaka tamin'ny faritra nipetrahan'i Luther, dia nanana tahirina relika niisa hatramin'ny 19 tapitrisa,<sup>2</sup> izay nahitana ny «vilona teo amin'ny fihinanam-bilona nandrian'i Jesôsy», «rantsan-kazo avy tamin'ny roimemy nirehitra» ary ny «teten-dronono avy tamin'i Maria renin'i Jesôsy.»

Nahagaga fa tsy nampametrapanontaniana kely akory ny fahamarinana na tsy fahamarin'an'ireo relika ireo.

### NY ADY TAMIN'NY FIVAROTANA FAMELAN- KELOKA

Nandritra ny asa notanterahin'i Jesôsy teto an-tany dia nampahery ny mpino Izy hanao «asa soa» (Mat. 5:16). Kanefa, arakaraka ny nandehanan'ny fotoana dia naolaka izany toromarika izany, ka tonga tsy fantatra intsony tao amin'ny sehatry ny fitoriana ny filazantsara. Rehefa namela ny fahotan'ny olona i Jesôsy (Mar. 2:5; Jao. 8:11) dia tsy nampitondra enta-mavesatra ny mpanota Izy fa nalefany am-piadanana izy ireo.

Ny teôlôjianina tamin'ny vanimpotoana antenantenany, dia nanova ny famindrampon'i Jesôsy ho rafipitantanana sarotra tanterahina ary mirona amin'ny asa. Mandritra ny kaonfesy dia omen'ny pretra ny famelan-keloka kanefa mba hahatanteraka ny fanadiovana ny fahotana dia tsy maintsy manao asa fivalozana ny olona. Mba hialana amin'izany asa izany dia noforonina ny foto-pinoana mikasika ny fivarotana famelan-keloka (indulgence). Nanomboka tamin'ny taonjato antenantenany izany famarotana famelan-keloka izany. Azo natao ny nividy izany ho famonjena ny fanahy tsy ho lasa any amin'ny afo fandiovana. Raha nifarana tamin'ny andron'ny fanavaozana ara-pivavahana ny fivarotana famelan-keloka, dia mbola ao amin'ny foto-pinoana katôlika ihany izany mandraka ankehitriny.<sup>3</sup>

Nipoitra vokatry ny ady amin'ny tsy maha-ara-drariny ny asa fivalozana sy ny fivarotana famelan-keloka ny fanavaozana ara-pivavahana. Koa satria nila vola ireo papa tamin'izany fotoana izany ho fanorenana ny trano fivavahana St Pierre tao Rôma, dia nanentana sy nampirisika ny fivaroana famelan-keloka izy ireo. Araka ny voalazan'i Joseph Lortz, mpahay tantara katôlika, dia nanomboka niely tamin'izay ny karazana « varotra manala baraka. »<sup>4</sup> I Jean Tetzell, pretra dôminikanina, iray tamin'ireo mpitory ny varotra famelan-keloka fanta-daza tamin'izany fotoana izany, dia nampanantena ny mpino fa: «raha vao mikorintsana fotsiny ao amin'ny vatany ny vola dia indro ny fanahy fa miala sahadys ao

amin'ny afo fandiovana ary mizotra miakatra mankany an-danitra.»<sup>5</sup>

Nampirongatra ny fahatezeran'i Martin Lotera izany, ilay mpampianatra teôlôjia tanora tao Wittenberg. Tamin'ny taratasy nalefany ho an'ny arseveka Albrecht tany Mayence, no nanoherany izany foto-pinoana kristianina izany: “Na aiza na aiza ao amin’ny Baiboly, dia tsy misy fandidiana velively ny hitoriana ny famarotana famelan-keloka; fa ny fitoriana ny filazantsara kosa no notsindriny mafy.”<sup>6</sup>

Araka ny fitantaran'i Philipp Melanchthon, sakaizan'i Lotera dia nanoratra ny an-dalan-teny maromaro izy tamin'ny 31 Oktôbra 1517, ary rehefa avy eo dia nofantsihiny teo amin'ny varavarany fiangonan'ny Chateau de Wittenberg, tany Allemagne ireo foto-kevitra 95 hiadiany amin'ny foto-pinoana momba ny famarotana famelan-keloka sy ny asa fivalozana. Ny foto-kevitra voalohany nambarany dia tena nahataitra mafy tokoa ny rehetra: ny asa dia tsy maneho fanasaziana noho ny fahotana; amin'ny alalan'ny fiaiken-keloka mitohy no hiainana ny fiaianana kristianina. “Rehefa miteny amintsika ny Tompontsika sady mpampianatra antsika hoe.” Mibebaha!” dia maniry Izy mba ho fiaianana feno fibebahana ny fiaianan'ny mpino.”<sup>7</sup>

## TANDREMO NY DIDY!

Ao amin'ny boky nosoratany “Traité des bonnes oeuvres” (Fifanekena momba ny asa tsara), nosoratana tamin'ny taona 1520,

ilay mpanavao fivavahana dia nanome fanazavana mikasika ny asa tokony ataon'ny kristianina. Ny asa soa dia ireo izay takin'Andriamanitra fa tsy izay takin'ireo olona mitovy amintsika ihany. Raha te hahalala ny atao hoe asa soa ny olona dia tokony hihaino tsara ny valinteny nomen'i Jesôsy ilay tovolahy mpanankarena: “*Raha te-hiditra ao amin'ny fiainana ianao, tandremo ny didy*” - Mat. 19:17.

Ny didy folo no resahina eto, fa tsy ireo taratasy na didy samihafa izay navoakan'ny fiangonana. Mba hitandremana ny Didy Folo, dia manana ny lanjany ny finoana, satria izy no manome antsika ny hery ilaina mba hahatongavana amin'izany tanjona izany. Raha tsy eo i Kristy dia maty ny asa.<sup>8</sup> Raha tsy eo ny asa vokatry ny finoana, dia endrika ivelany fotsiny ny finoana. “Atambaro ny finoana sy ny asa soa, dia ho azonareo ny atao hoe fiainana kristianina feno.”<sup>9</sup> Ny asa soa dia “famantarana sy tombokasen’ny finoana tena izy.”<sup>10</sup> Ny finoana dia hita eo amin’ny fitiavana ary ny fitiavana kosa dia miseho eo amin’ny fitandremana ny didy.<sup>11</sup>

Noho izany, ny Kristianina dia miaina « eo ambanin’ny lalàna, fa tsy hoe tsy misy ny lalàna.»<sup>12</sup> Ireo izay mino an'i Kristy dia tsy azon'ny lalàna melohina kanefa ny lalàna dia tokony hotandremana foana na dia ho an'ireo kristianina vao nateraka indray aza. Ny lalàna no mampahafantatra ny fahotana (Rôm. 3:20) ary manoro antsika indray ny lalana mitondra mankany amin’ny fanaovana ny sitrapon’Andriamanitra - rehefa avy nohazavaina sy nentanin’ny

Fanahy Masina isika (Rôm. 8:4; Heb. 8:10).

Mitovy amin’izany ihany koa no nosoratan'i Ellen White, fa ny lalàna dia tsy afaka ny hamony velively. Fa, rehefa soratan'Andriamanitra ao am-po kosa izany, dia azon'ny Kristianina atao ary tokony hataony ny mitandrina izany.<sup>13</sup> Niady, nanohitra ireo “mpanohitra ny lalàna” izay tsy hafa fa avy tao anatin’ny vondrona misy azy ihany i Lotera. Nalahelo izy satria nisy tamin'ireo mpianatra nanaradia azy no tafalatsaka tamin’ny « filazantsara mahafinaritra » izay nanome lanja bebe kokoa ny fanamarinana ny fahotana noho ny fanamarinana ny mpanota. Toa hitany sahady fa ho avy ny fotoana izay hiainan’ny olona araka izay tiany ary hihevitra izy ireo fa tsy misy Andriamanitra.<sup>14</sup>

Niantso ny Advantista mba hampitandrina izao tontolo izao mikasika io loza io sy hampahery azy ireo mba hitandrina ny didin'Andriamanitra I Ellen White. Nanome “hafatra manokana” antsika, hafatra ho amin’ny fanavaozana hame-renana amin’ny LAONINY, hiarovana ary ny hanarahana ny “lalàn'Andriamanitra” izy. Nambarany fa izany dia “hafatra fampitandremana farany ho an’izao tontolo izao.”<sup>15</sup>

# Fanontaniana natao hosaintsainina sy hifampizaràna:

**1** Nahoana no zava-dehibe ho an' ny Kristianina ny mahafantatra ny fitsipiky ny fitondrantena?

Midika inona amin'ny fiaina-nao ny didin'Andriamanitra?

**2** Ahoana no ahafahantsika miaina ny fanandraman'ny «fanafahan'ny lalàna» sy ny «fanafahana ho an'ny lalàna»?

**3** Inona no rivotra nitsoka natahoran'i Lotera tamin'ny androny? Tanteraka ve ny ahiahiny? Inona no tanjon'ny vahoaka advantista amin'izao androntsika izao?

---

1 Joseph Lortz et Erwin Iserloh, *Kleine Reformationsgeschichte*, Herder, Fribourg-en-Brisgau, 1969, p. 25.

2 Roland Bainton, *Martin Luther*, 4<sup>e</sup> éd., Vandenhoeck & Ruprecht, Göttingen, 1962, p. 54, 55.

3 *Katechismus der katholischen Kirche*, Munich, 1993, pp. 1494-1498.

4 Lortz et Iserloh, p. 41.

5 Martin Luther, 27<sup>e</sup> thèse, cité par Ingetraut Ludolphy, *Die 95 Thesen Martin Luthers*, Evangelische Verlagsanstalt, Berlin, 1976, p. 23.

6 Martin Luther, *Luthers Schriften: Weimar Edition, Briefe*, Metzler, Stuttgart, 2002, vol. 1, p. 111.

7 Ludolphy, p. 20.

8 Martin Luther, *Luthers Schriften: Weimar Edition*, Metzler, Stuttgart, 2003, vol. 6, p. 204, 205.

9 Martin Luther, *Luthers Schriften: Weimar Edition*, Metzler, Stuttgart, 2003, vol. 12, p. 289.

10 Ibid., vol. 10/III, pp. 225, 226.

11 Heinrich Bornkamm, *Luthers Vorreden zur Bibel*, Insel Verlag, Francfort-sur-le-Main, 1983, p. 179.

12 Martin Luther, *Luthers Schriften: Weimar Edition, Deutsche Bibel*, Metzler, Stuttgart, 2006, vol. 39/II, p.433.

13 Ellen G. White, *Patriarches et Prophètes*, p. 349.

14 Martin Luther, *Luthers Schriften: Weimar Edition, Deutsche Bibel*, Metzler, Stuttgart, 2003, vol. 11/II, p 117.

15 Ellen G. White, *Évangéliser*, p. 207.

Ny  
**FANAMARINANA**  
Amin'ny  
**FINOANA**  
**ANKEHITRINY**  
*Ny fifandraisan'  
ny teôlôjia sy ny  
fiaianana  
andavanandro*

Nosoratan'i Hans Heinz

Isaky ny mahatadidy ilay foto-pinoana ara-Baiboly mikasika ny fanamarinana amin'ny finoana irey ihany ny Kristianina, dia mitranga ny fifohazana sy ny fanavaozana. Izany no zava-nitranga rehefa nandray ny tenin'i apôstôly Paoly i Martin Luther ka nanohitra ny fomba amam-panaon'ny fiangonana izay naharitra mihoatra ny arivo taona, ary niarakana tamin'izany "foto-pinoana lehibe indrindra"<sup>1</sup> izany no nanombohany ny fanavaozana tamin'ny taonjato fahenina ambin'ny folo.

Tamin'ny 24 May 1738, taorian'ny nihainoan'i John Wesley avy any Aldersgate Street, London, ny *Fampidirana ny bokin'ny Rômanina* nataon'i Lotera, dia nanomboka hetsika fifohazana tany Angletera izy, ary lasa "vanimpotoana nanan-danja tokoa tamin'ny tantaran'i Angletera"<sup>2</sup> izany.

Mitovy amin'izany ihany koa no nitranga tamin'ny 1888 tany amin'ny fivoriamben'ny

HERINANDRO FIARAHA-MIVAVAKA

A L A K A M I S Y

Fiangonana Advantista manerantany tany Minneapolis. Pejy vao-vao mifantoka amin'i Kristy no nisoratra teo amin'ny tantaran'ny Fiangonana Advantista tamin'ny alalan'ny fifantohana tamin'ny fahamarinan'i Kristy.

Maro tamin'ireo bokin'i Ellen White izay mifantoka amin'i Kristy no vokatr'izany fanavaozana izany: *Ny Dia ho eo amin'ny Kristy, Henoinareo ny Fanoharana, sy Ilay Fitiavana Mandresy*.

Etsy an-danin'izay anefa, rehefa nifantoka tamin'ny zava-bitan'ny tenany sy ny fahamendrehany ny Kristianina dia nisy hatrany ny fitotonganana. Tamin'ny taonjato faharoa taorian'i Kristy, dia tsy azon'ny olona tsara intsony ny fanamarinana amin'ny ny finoana izay nifantohan'i Paoly. Nandritra ny taonjato antenatenany dia vitsy an'isa ireo mpanaraka izany, ary talohan'ny nisian'ny fanavaozana dia nalaza ilay foto-kevitra hoe "raha manao izay vitany ny olombelona, dia ampian'Andriamanitra amin'ny fahasoavany izany." Nahakivy an'i Lotera tokoa izany fehezanteny izany ary nahatonga azy nihika nandritra ny toriteniny momba ny bokin'ny Rômanina manao hoe "Indrisy, ry adala isany!"<sup>3</sup>

## FANAMARINANA IREO MPANOTA SA FANAMARINAN' ANDRIAMANITRA?

Raha toa ka jerena amin'ny tontolon-kevitry ny zava-misy ara-pivavahana ankehitriny izany zavatra izany, dia mety toa tsy misy lanjany firy izany ankehitriny:

Tsy manan-danja firy ny foto-pinoana mikasika ny fanamarinana amin'ny teôlôjia môderina. Heverina fa hevitra nentina hanoherana ny fomba fisainana Jodaika izay mifantoka kokoa amin'ny lalàna nandritra ny vanim-potoan'ny apôstôly fotsiny izany. Epistily roa monja amin'ireo nosoratan'i Paoly no misy izany, ary noho izany dia "tsy manan-danja firy" izany eo amin'ny foto-pinoana kristianina mikasika ny famonjena. Manomboka manjavona, tsy tazana intsony izany foto-pinoana izany satria neverina fa ilay toe-javatra nipoiran'izany foto-pinoana izany tany aloha dia tsy misy intsony ankehitriny.

Somary niverina kely ny fahalianana mikasika izany, ny "fanambarana iraisana" tamin'ny taona 1999 nataon'ny filan-kevitry ny Papa ho amin'ny fampirisihana ny firaiana kristianina sy ny federasiona maneran-tanin'ny Loteranina dia nilaza fa nisy "fifanarahana" mikasika ny foto-pinoana ny amin'ny fanamarinana, izay nolazain'i Papa Benoît faha-XVI fa "dingana lehibe ho amin'ny lalan'ny firaiana kristianina."<sup>4</sup> Kanefa taorian'izay dia tsy nahenoana zavatra firy ny mikasika io taratasy io.

Ary farany, ny ankamaroan'ny

olona, diatsymitady "Andriamanitra be famindrampo" tahaka an'i Lotera intsony, fa manontany tena raha toa ka tena misy marina Andriamanitra. Ary raha tena misy tokoa Andriamanitra, dia tokony hanamarin-tena izy ny amin'ny fahoriania sy faharatsiana misy eo amin'izao tontolo izao!

Mazava ho azy fa tsy hoe miady amin'Andriamanitra avokoa izy rehetra. Ny toe-tsain'ny maro dia tsy ny miady amin'Andriamanitra fa tsy miraharaha Azy fotsiny, satria mandeha tsara ny fiainan'izy ireo tsy misy Azy.

## NY FIHAIKANA EO ANOLOANTSINKA

Amin'ny fomba ahoana no aha-fahantsika kristianina manatona olona tahaka izany ary manambara ny filazantsara? Ny ankamaroan'izy ireo dia tsy mahalala ny atao hoe fahotana, tsy mahalala izy ireo fa fanoherana an'Andriamanitra izany (Sal. 51:5-11). Tsy fantatr'izy ireo ihany koa ny fomba atao mba hahazoana famelan-keloka (1 Jao. 2:2), ary ny fiainana feno dia fiainana misy fihavanana (Rôm. 5:1) sy fanantenana (Tit. 2:11-14) izay tsy hita ao amin'izao tontolo izao.

Na dia toa tsy manana toerana ho an'Andriamanitra aza ny olona, dia mahatsapa tena ho meloka ihany izy ireo any anatiny any: ady amin'olon-kafa, tsy rariny ara-tsôsialy sy ara-pôlitika, ady eo amin'ny firenena maro, sy ny fandripahana ny natiora - ilay fototry ny fisantsika.

Ny fitoriantenin'ny Kristianina adventista dia afaka mifandray amin'izany fahatsapan-tenan'ny olona izany amin'ny fomba maro:

Manaiky isika fa ny fana-lavirantsika ny tenantsika sy ny manodidina antsika dia avy amin'ny fanalavirantsika an'ilay Mpamorona sy Mpanome fiainana. Mazava izay lazain'ny apôstôly: "*Tsy misy izay mahafantatra, tsy misy izay mitady ar'Andriamanitra. Samy nania avokoa izy rehetra*" - Rôm. 3:11,12.

Fantatsika tsara fa marina izay voalazan'ny Soratra Masina hoe: "*Moa mahaova ny hodiny va ny Etiopiana, ary ny leopardava mahova ny sorany? Raha izany, dia mahazo manao tsara koa ianareo izayefa zatra nanao ratsy.*" - Jer. 13:23.

Tsy eo amin'ny toe-java-misy manodidina no misy ny olana fa eo amin'ny taranak'olombelona mihitsy, izay tsy afaka mifehy tena ary tsy mety mahita vahaolana ho an'ity izao tontolo izao ity. Araka ny voalazan'i Jesôsy ary hamafisin'i Paoly: "*Fa avy amin'ny fo no ivoahan'ny sain-dratsy*" - Mat. 15:19, ary isika dia "*namidy ho andevon'ny ota*" - Rôm. 7:14. Ny fahotana dia fanalavirana an'Andriamanitra ary fitodihana any amin'ireo zavatra nohariana: heverintsika fa afaka ny ho tompon'ny fiainantsika isika. Izany no mitarika ho amin'ny fanotana.

## INONA ARY IZANY NO TOKONY HATAONTSIKA?

Ny hany vahaolana dia hita ao amin'i Jesôsy avy any Nazareta, ilay "lehilahy tanteraka." Manome antoka ny fanavotana ankehitriny sy amin'ny hoavy ny fiainany sy ny fahafatesany ary ny fitsanganany tamin'ny maty. Niaina niaraka tamintsika "teto amin'izao tontolo izao" Izy kanefa tsy "avy amin'izao tontolo izao." Izy no lalana miverina mankany amin'Andriamanitra, satria, amin'ny mahazaranak'Andriamanitra Azy, dia Izyno "fanambarana an'Andriamanitra" (jereo ny Jao. 14:6,9).

Raha lazaina ny marina, dia manaiky isika fa nofinofy tsy azo tratrarinna ny fiezahan'ny olombelona hanamboatra "tontolo vaovao tsara lavitra". Na dia eo aza ireo fandrosoana arateknôlôjian'ny hery nokleary, ny fitrandrahana izay eny amin'ny lanitra, ny fahaizana infômatika — io "tontolo tsara lavitra" io dia tsy mety ho tratra. Tsy afaka ny hamorona zavatra tsy misy ota ny mpanota! Andriamanitra irery ihany no afaka mampanantena sy manome ny "tany vaovao, izay itoeran'ny fahamarinana" (2 Pet. 3:13,); ary afaka manantena izany ireo mpanara-dia an'i Kristy.

Noho izany rehetra izany dia tena ilain'ireo olombelona namantsika tsy manan-kery sy tsy manam-panantenana tokoa ny foto-pinoana mikasika ny famonjena. Ny Advantista dia nantsoina

hitory ity hafatra ity mandritra ny fotoana andalovantsika eto an-tany: Ao amin'i Kristy irery ihany no ahafahantsika mihavana amin'Andriamanitra sy amin'olona hafa; ny fitiavany irery ihany no manome ny antony iainantsika sy fanantenana ho amin'ny tontolo anjakan'ny fahamarinany! Hoy i Ellen White: "Amin'ireo Kristianina rehetra, ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito no tokony ho lohany amin'ny fanandratana an'i Kristy eo anoloan'izao tontolo izao."<sup>5</sup>

## Fanontaniana natao hosaintsainina sy hifampizaràna:

- 1** Fa nahoana ny olona manodidina antsika no tsy dia mankasitraka ny foto-pinoana mikasika ny fanamarinana ny mpanota?
- 2** Inona no ilain'ny Fiagonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito mba hisian'ny fifohazana? Inona no anjara asantsika amin'izany fotoana izany?
- 3** Inona no manome anao fahatokiana sy fanantenana eo amin'ny tontolo izay mihevitra fa afaka mamonjy ny tenany, kanefa kely sisa dia hianjera any amin'ny lavaka tsy hita noanoa?

1 Martin Luther, *Luthers Schriften: Weimar Edition* (Stuttgart: Metzler, 2004), vol. 21, p. 219.

2 William Lecky, quoted in Julius Roessle, *Johannes Wesley*, 2<sup>nd</sup> ed. (Giessen: Brunnen, 1954), p. 24.

3 Martin Luther, *Luthers Schriften: Weimar Edition* (Stuttgart: Metzler, 2007), vol. 56, p. 274.

4 *ideaSpektrum* 46 (November 2005): 12.

5 Ellen G. White, *Evangelism* (Washington, D.C.: Review and Herald Pub. Assn., 1946), p. 188.

**Ilay**  
**FAHAVARATRA**  
**TSY HISY**  
**FIAFARANA**

*miandry  
ny fiavian'  
i jesôsy*

Nosoratan'i Hans Heinz

**N**y fanavaozana tamin'ny taonjato faha-16 dia tena nanamarika ny tantaran'ny olombelona. Ho an'ireo mpahay tantara dia vanim-potoana nampisaraka ny vanim-potoaan'ny faha-mpanjaka tamin'ny vanim-potoana môderina izy io. Ho an'ireo mpino Prôtestanta kosa anefa (anisan'izany ny Advantista) dia fidiran'Andriamanitra antsehatra izy io. Raha mikasika ny foto-pinoana sy ny fampiharana kosa dia tsy maintsy niverina tamin'ny fitsipiky ny Baiboly ary nandà ny lovan-tsofina ny Kristianina. Izany no fototry ny fisafotofotoana ara-pinoana lehibe izay nifarana tamin'ny "vanim-potoaan'ny fahamaizinana." Araka ny nosoratan'i Ellen White: "(Ny prôtestanta) dia mametraka ny fitsipika fa ny fampianaran'olombelona rehetra dia tsy maintsy ampiunarina amin'ny tenin'Andriamanitra."<sup>1</sup>

HERINANDRO FIARAHA-MIVAVAKA

ZOMA

**"TONGAVA RY ANDRO FARANY"<sup>2</sup>**

Noho io fitsipika manan-danja io, dia tsy vitan'ny hoe nitondra ny fahamarinana mikasika ny fitsarana ny mpanota fotsiny i Martin Lotera fa namerina tao am-pon'ny mpino ihany koa ny fahalianana mikasika ny fiverenan'i Jesôsy, izay nahazo vahana tamin'ny vanim-potoaan'ny Fiangonana kristianina voalohany.<sup>3</sup>

Nino an'io fiverenana io ny Kristianina tamin'ny vanim-potoaan'ny faha-mpanjaka. Saingy loharanom-pahatahorana sy fampihorohoroana ho azy ireo izany teny fikasana izany. Tsy nanana ny toky momba ny famonjena izy ireo, hoy i Thomas de Celano, pretra fransiskanina tamin'ny vanim-potoaan'ny faha-mpanjaka. Noho izany, ny fiverenan'i Jesôsy ho azy ireo dia toy ny "andron'ny valifaty sy fampitahorana" ary "ny mpitsara dia hitsara amin-kasiahana." Taorian'ny fandinihana lalina ny Soratra Masina, dia nilaza i Lotera fa ny fanantenana kristianina *dia "fanantenana tsaratsara kokoa"* - Heb. 7:19, "fanantenana velona," - 1 Pet. 1:3, ka noho izany dia "fanantenana mahafinaritra" - Tit. 2:13 - izay manentana ny Kristianina ho faly miandry ny farany.

Azontsika fantarina tsara ny antony nahatonga ny faniriana lalina tao amin'ny olona mba hahafaka azy ao amin'i Kristy, fanandramana efa nolalovan'i

Lotera tamin'ny fiaianam-pinoany koa izany. Arakaraka ny nitomboan'ny taonany no vao mainka koa nihamafy io faniriany io. Ho azy, ny teny fikasana ny amin'ny fiverenan'i Kristy dia "toriteny sady mamy no maharavo." Naleony tsy teraka toy izay tsy ho tanteraka izany teny fikasana izany! Zavatra iray loha ihany ny faniriany teo anoloan'ny tolona sy ireo zavatra nampalahelo teo amin'ny fiaianany: "Ho avy ny andro, araka ny teny fikasanao, hanavotanao anay amin'ny ratsy. Ho avy tokoa anie izany ora manetriketrika izany, araka ny tokony ho izy, hamaranana ny fahorianay rehetra!"<sup>4</sup>

### **"EFA MANANA" ARY "TSY MBOLA MANANA"**

Nanazava i Lotera fa feno fifandirana ny fiaianan'ny Kristianina eto an-tany. Ny mpino "manana" ny zavatra rehetra na dia "tsy mbola manana" azy rehetra aza; izy ireo no zavatra rehetra na dia tsy mbola manana azy rehetra aza. Efa azon'izy ireo ny famonjena na dia tsy mbola hitany aza izany. Efa marina eo anatrehan'Andriamanitra izy ireo, kanefa mbola miaina ao anatin'ny tontolo misaratsaraka, lavitra an'Andriamanitra. Rehefa mandinika ny filamatra arabaiboly momba ny "efa" sy ny "tsy mbola " isika, dia afaka mahatakatra ny faniriana izay tao anatin'i Lotera ka nahatonga azy niandry ny fiverenan'i Kristy. Ho antsika izay mahazo antoka ny famonjena antsika amin'ny finoana an'Andriamanitra, dia maniry fatratra izany andro izany isika - raha mbola mitoetra ao

amin'Andriamanitra koa isika - arahina faniriana miredareda sy fifaliana lalina, satria amin'izay andro izay, tsy ho antsika irery ny famonjena fo ho an'ny voary iray manontolo mihitsy. Miombom-peo amin'i Lotera isika manao hoe: "Ry Tompo Andriamanitra malalanay ô, ho avy tsy ho ela anie ilay andro masina voatahy!"<sup>5</sup>

### **FAMANTARANA NY FOTOANA - "TORITENY MAMY SY MAHARAVO"**

Nihanahery tao anatin'ilay mpanavao fivavahana nandritra ny taona nifandimby ny fanantenana ny fiavian'i Jesôsy raha nandroso taona izy. Satria matetika izy no nahatsiaro tena ho tsy afaka nanao na inona na inona manoloana ny taranak'olombelona sy izao tontolo izao. Nazava taminy fa tsy nanana vahaolana hamahana ny olan'izao tontolo izao na ny andrian-dahy, na ny papa: "zanaky ny devoly izao tontolo izao... tsy misy afaka hanampy na hampianatra azy." Ary koa: "tsy misy toriteny, na hiaka, na fampitandremana, na fandrahonana na fanelanelanana afaka hanampy manoloana izany. "Zohy ho an'ny devoly" ity tany ity, ary ny "fanafoanana ny Didy Folo", no marika kendreny... Vokatr'izany, dia "zohy ho an'ny mpangalatra" ity izao tontolo izao ary mbola izany ihany.

Noho izany, ny Kristianina dia "voahodidin'ny demonia maro"! Ny fiverenan'i Jesôsy ihany no afaka mamarana ny faharatsiana eto amin'izao tontolo izao. Nametraka ny fanantenany tamin'ny pôlitika ny papa sy ny amperora, ary

noraisin'ny olona ho toy ny "mpamony" azy izy ireo. Saingy nampirisika azy ireo i Lotera mba hiandry Ilay "Mpamony tena izy", izy izay nanome ilay fampanantenana azo antoka ny amin'ny fiaviany indray.

Mba hanamafisana orina ny fiangonany eo am-piandrasana, dia nanambara ny "famantarana ny fotoana" i Kristy, anisan'izany ny loza voajanahary sy ny ady isan-karazany. Ny famantarana mazava indrindra ho an'i Lotera, dia ireo loza goavana tamin'ny vanin'androny, izay mbola hita soritra amin'izao fotoana izao: ny fihenan'ny finoana eo anivon'ny fivavahana kristianina ary ny ady ifanaovan'ny finoana silamo sy ny fivavahana kristianina. Nahatsikaritra tamimpahiana i Lotera fa lavitra ny Evanjely ny fiangonana papaly, ary ny finoana silamo dia nahazo vahana satria efa nanenika an'i Eorôpa atsimo-atsinanana, ary tamin'ny taona 1529 dia efa tonga teo amin'ny fidirana ho ao Vienne izy ireo. Hitany ihany koa tamin'ny tsy fankasitrahant'ireo mpianatra nanaraka ny fanavaozana ny famantarana manokana ny fitsarana noho ny fahazavana izay azon'izy ireo: "Te haminany ny amin'i Allemagne aho, tsy amin'ny fitokisako amin'ny kintana, fa amin'ny teôlôjia, ary manambara ny fahatezeran'Andriamanitra amin'ity firenena ity aho. [...] Tsy misy azo atao afa-tsy ny mivavaka mba tsy hohamavoina Andriamanitra sy ny Teniny!"<sup>6</sup>

Araka an'i Lotera, ny famantarana rehetra izay miseho dia ho fampaherezana ny mpino sy ho amin'ny fitsarana ny tsy mpino. Mbola "fahasoavana" ho an'ireto

farany ireto ihany na dia tsy manahy kely akory ny amin'ny famantarana aza izy ireo, fa iretsy voalohany kosa dia mahatsikaritra tsy amimpisalasalana "ny fahatezeran' Andriamanitra" voatokana ho an'ny tsy mpino, kanefa amin'izany Andriamanitra miaro ny zanany.

Hatraiza ny efa fahatanterahan' ireo famantarana ireo? Tsy te hijanona ela teo amin'izany fano-taniana izany ilay mpanao fana-vaozana. Resy lahatra anefa izy fa "efa tanteraka ny ankamaroan'ireo famantarana," ary izany no tena tokony hifalian'ny Kristianina na dia eo aza ireo loza amin'antambo isan-karazany. Izany fifaliana izany no mampiavaka ireo mpandinika ny Baiboly, satria ireo mpandinika ny "kintana sy mpanandro" dia tsy miresaka afa-tsy ny loza ho avy. Ny Kristianina irery ihany no afaka mahatakatra "ilay teny mamy sy maharavo," ny famonjena azy ireo (Lio. 21:28)." Noho izany, ny fanantenana ny fiavian'i Krsity dia tokony ho hita taratra eny amin'ny masom-panantenan'ny Kristianina, fa tsy araka ny fahitan'izao tontolo izao azy.

Araka an'i Lotera, ny Kristianina dia tsy maintsy "mihidy vazana" sy misotro ny "kapoaka mangidy". Mbola ho avy anefa ny "mamy." Izany no antony mahatonga an'i Kristy miantso nyvahoakany hijoro sy hifaly. Na dia tsy raisin'ny ankamaroan'ny olona aza ny fitoriana ny filazantsara, dia ho takatry ny "olona vitsivitsy" izay hiasa sy hivavaka ho amin'ny fiverenan'i Kristy izany, satria, araka ny nambaran'i Lotera, dia "efa ampy izay halavan'ny ririnina izay. Ho avy kosa izao ny fahavaratra mahafinaritra - fahavaratra tsy misy fiafarana."<sup>7</sup>

# Fanontaniana natao **hosaintsainina** sy **hifampizaràna:**

- 
- 1** Ahoana ny fanombanan'i Martin Lotera ny ezaka atao'nny olombelona mba hahatonga azy ho mendrika ny famonjena? Ampitahao ny fandinihana nataony amin'ny fiheverana möderina mikasika ny famonjena.
- 2** Inona no anjara asan'ny fantenana ny amin'ny fiverenan'i Kristy teo amin'ny finoan'i Lotera?
- 3** Inona no tsy nampitovy ny fiheveran'i Lotera mikasika ireo toe-javatra hitranga amin'ny andro farany amin'ny an'ireo olona tamin'ny vanimpotoana antenantenany?
- 4** Inona no dikan'ny fanantenana ny amin'ny fiverenan'i Kristy tsy ho ela amin'ny fiaiananao ankehitriny?

1 Ellen G. White, *The Great Controversy* (Mountain View, Calif.: Pacific Press Pub. Assn., 1911), p. 204.

2 Martin Luther, *Luthers Schriften: Weimar Edition, Briefe* (Stuttgart: Metzler, 2002), vol. 9, p. 175.

3 Paul Althaus, *Die Theologie Martin Luthers*, 4<sup>th</sup> ed. (Gütersloh: Gütersloher Verlagshaus, 1975), p. 351.

4 Martin Luther, *Luthers Schriften: Weimar Edition* (Stuttgart: Metzler, 2005), vol. 34/II, p. 466.

5 Martin Luther, *Luthers Schriften: Weimar Edition, Tischreden* (Stuttgart: Metzler, 2000), vol. 5, no. 5777.

6 Ibid., vol. 3, no. 3711.

7 Luther, *Luthers Schriften*, vol. 34/II, p. 481.

# Ny ANTOKY ny FAMONJENA

*Aoka ny  
fahasoavana  
hanova  
ny sitraponao  
sy ny asanao*

Avy amin'  
i ELLEN G. WHITE

**A**oka hazava tsara: tsy misy zavatra azontsika atao izay avy amin'ny herin'ny tenantsika mba hahazoantsika sitraka avy amin'Andriamanitra. Raha toa ka nahavonjy antsika ny finoana sy ny asa, dia nisy zavatra notakin'ilay mpamorona amin'ilay zavaboary.

Toy ny hoe ny fahafahana mandainga dia azo ekena ho toy ny fahamarinana.

Raha toa ka afaka mahazo ny fiaianana mandrakizay avy amin'ny alalan'ny asany ny olona, dia ho toy ny mpino katôlika izay manao fivalozana ny fahotany. Amin'izay fotoana izay ny famonjena dia ho toy ny karazana trosa azo vidina amin'ny karama.

Raha toa kosa ka tsy afaka mahazo ny famonjena amin'ny alalan'ny tenany ny olona, dia ho lasa fanomezana avy amin' Andriamanitra izany. Fanomezana maimaim-poana ho an'ireo izay mpanota manaiky an'i Jesôsy Kristy

HERINANDRO FIARAHAMI VAVAKA

## SABATA FAHAROA

sy mahatoky Azy. Ny fanamarinana amin'ny finoana dia tsy resabe izay fanaon'ny olona. Ary izany resabe izany dia ho foana rehefa hita fa ny asa soa ataon'ny olona dia tsy ahazoany ny fiaianana mandrakizay mihitsy.

### AVY AMIN'NY FAHASOAVANA IRERY IHANY

"Ny fahazavana izay nomen'Andriamanitra ahy dia mametraka io lohahevitra io mihoatra ireo fanontaniana izay mipetraka ato an-tsaiko. Ny fanamarinana dia tsy omena ny olona vokatry ny zava-bitany, fa omena kosa amin'ny alalan'ny fahasoavana irery ihany. Ny zavamisy dia naseho teo anoloako araka izao trangan-javatra izao. Raha eo am-panolorana fanatitra ny olona manan-karena iray, dia tonga ny devoly hanesika eritreritra ratsy ao amin'io olona io raha mieritreritra izy fa tokony hahazo sitraka avy amin'Andriamanitra noho ny fanatitra izay ataony.

"Vitsy ny fanazavana marim-pototra mahakasika izany. Nanolotra ny fananany rehetra hotantan'olombelona Andriamanitra, ary nangataka Izy mba haterina izany harena izany, mba ho fampandrosoana ny asany. Notolaran'Andriamanitra fahiratan-tsaina sy fahasalamana

ary fahafahana isika mba hitranchrahantsika ny harena izay napetrany eto amin'izao tontolo izao. Namorona ny zavatra rehetra teto an-tany Izzy. Naneho ny voninahiny Izzy hampivoarana ny harena misy eto amin'izao tontolo izao. Vokatry ny fahalebiazany sy ny heriny izao tontolo misy antsika izao, ary Azy avokoa izany. Namorona ny masoandro, ny rahona, ny orana Izzy mba hampitomboana ny zava-maniry.

Amin'ny maha-mpanompon' Andriamanitra anareo, dia nahazo fahefana ianareo hitango ny vokatra ho amin'ny filanareo, ary kosa hamela ny ambiny ho amin'ny asan'Andriamanitra. Amin'izay fotoana izay ianareo dia afaka ny hiray feo amin'i Davida hoe: "Favy Amino ny zavatra rehetra, ary avy tamin'ny Anao ihany no nanomezanay Anao." - 1 Tant. 29:14.

Ny fanomezana fahafaham-po ny olom-belona dia tsy ekena raha tsy amin'ny famerenana ny an'Andriamanitra, satria Azy avokoa ireo zavatra asainy ampiasaintsika, araka ny torolalana izay omeny ireo.

### TSY FAHAZOANA NY FANKASITRAHAN' ANDRIAMANITRA.

"Tamin'ny fikomiana sy ny apôstazia dia nanary ny fankasitrahana'Andriamanitra ny olona. Tsy ny zony anefa, satria tsy ho mendrika mihitsy izy raha tsy ilay Zanaka malalan'Andriamanitra no manome fankasitrahana Azy. Tokony ho fantatra izany.

Nafoiny ireo tombontsoa izay nomen'Andriamanitra azy tamim-pitiavana, ary maimaimpoana. Harena sarobidy izay nomena mba hanehoana ny voninahitr'Andriamanitra sy hidérana ny anarany. Teo amin'ny fotoana nandavan'ny voarin'Andriamanitra tsy hanaraka ny lalàny lanitra, no nahaverezan'ireo tombontsoa marobe izay tokony ho azy, ary nahatonga ny olombelona tsy mendrika ny hahazo ny fitahiana avy any ambony izay efa nomanin'ilay Andriamanitra ho azy.

Izany no niafaran'ny taranak' olombelona rehefa nikomy tamin' Andriamanitra ka tsy nanaiky ny hanaraka ny lalàny. Tsy nomena alalana hahazo rivo-baovao intsony, na tara-masoandro, na sakafo. Tsy foana ny olombelona satria tian'Andriamanitra loatra izy ka nomeny mihitsy ny Zanany malalany Lahy tokana ho sorona noho ny fandikan-dalàna sy ho famonjena azy. Nanolo-tena hisolo ny olon-drehetra i Kristy. Natao izany hahafahan'ny olombelona hiaina fizahan-toetra indray amin'ny alalan'ny fitiavan'ilay Ray sy ny famindrampony, ary handray lesona avy amin'ny tantaran'i Adama sy Eva, ho fampitandremana sy fampisehoana ny vokatry ny fandikan-dalàna. Noho ny fitahiana omen'Andriamanitra isan'andro amin'ny alalan'ny masoandro sy ny sakafo, dia tokony hiankohoka eo anoloany ny olona rehetra haneho fiderana sy fankasitrahana Azy. Izay rehetra omentsika Azy dia avy amin'ny Azy ihany.

Nandika ny didin' Andriamanitra ny olombelona, kanefa tamin'ny alalan'ny mpana-

votra dia nisy ny fambaràna vaovao. Ankehitriny dia eo antanan'Andriamanitra avokoa ny fiainan'ny zanak'olombelona rehetra. Ireo fananantsika rehetra amin'izao fotoana izao: ny tany, ny vola, ny trano, ny fahaizana, ny fahatanjahana ara-batana, dia nomena antsika tahaka ny harena manan-danja indrindra hotantanantsika, mba hampandrosoana ny fiainana. Ny fanomezana tsirairay dia maneho ny endrik'i Kristy ary misy ny dian-tanany. Ny zava-drehetra dia avy amin'i Jesôsy. Manomboka any amin'ny zavatra kely, hatrany amin'ny fitahiana lehibe indrindra, dia fototra iray ihany no ivoahany. Ny zava-drehetra momba ny olombelona dia mandalo ary voahosotr'ilay Ran'ny Zanak'olona, izay tsy ho azontsika heverina na oviana na oviana, satria maneho ilay Ray sy ny Zanany izany.

Ankehitriny dia tsy misy zavatra tsy azontsika omena an'Andriamanitra izay tsy Azy. Tadidio izao teny izao: "Fa avy Amino ny zavatra rehetra, ary avy tamin'ny Anao ihany no nanomezanay Anao." - 1 Tant. 29:14. Andeha haverimberintsika mandrakariva izao teny izao, amin'ny mambra rehetra sy ny olona izay mifanerasera amintsika, na aiza na aiza misy antsika: tsy manana na inona na inona isika, tsy afaka hanome zavatra manan-danja manokana isika, na avy tamin'ny asan'ny tanantsika izany, na ny finoantsika, na inona na inona izay zavatra efa noraisintsika avy amin'i Jehôvah ka angatahiny haverina Aminy. "Ahy izao rehetra izao, fitahiana

sy fanomezana nomeko anareo izany, tsy mba hampanan-karena anareo, fa ny mba hampiasanareo izany amim-pahamendrehana ho tombontsoan'izao tontolo izao."

## AN'I JEHOVAH IZAO REHETRA IZAO

An'i Jehôvah ny famoronana. Andriamanitra dia afaka manaisotra ny ain'ny olona amin'ny fotoana fohy. Ny fananan'ny olona rehetra sy ny maha-izy azy dia an'Andriamanitra avokoa. Izao rehetra izao dia Azy avokoa. Ny trano ipetrahan'ny olona, ny fahalalany, ireo zavatra rehetra manan-danja sy mamiratra dia fanomezana avy Aminy avokoa. Fanomezam-pahasoavana izay tokony haverina Aminy izany mba hambolena sy hamelomana indray ny fon'olombelona.

Azo atao eo amin'ny alitara ny fanatitra tsara indrindra, ary ny olombelona dia hidera an'Andriamanitra, hanome voninahitra Azy, ary hanandratra ilay Mpahary noho ny fanafahana nomeny. Amin'ny inona anefa? "Fa avy Amino ny zavatra rehetra, ary avy tamin'ny Anao ihany no nanomezanay Anao." - 1 Tant. 29:14. Tsy misy zavatra izay ahazoan'ny olona sitraka avy amin'Andriamanitra, kanefa kosa raha mitoetra ao am-po ny fitiavana an'Andriamanitra, dia hitarika ny olona hanao ny sitrapon'ilay Mpahary izany, ka ho tonga fahafinaretana ho an'ilay olona ny manao ny sitrapon'Andriamanitra. Izay tokony ho adidy nomena azy ihany no tanterahiny.

Ireo anjelin'Andriamanitra izay tsy nanota mihitsy dia manao ny sitrapon'Andarimanitra mandrakariva any an-danitra. Teo am-panaovan'izy ireo ny zavatra rehetra ho an'izao tontolo izao, teo am-pikarakaràna ireo mpino sy ireo mpiodina nandritra ny taonjato maro, teo am-piarovana, teo am-pitantanana, teo am-pikarakarana ny voarin'Andriamanitra, izy ireo dia afaka ny hijoro ho vavolombelona mihitsy ary hilaza hoe: *“Fa avy Amino ny zavatra rehetra, ary avy tamin’ny Anao ihany no nanomezanay Anao”*. Nanao ahoana re raha toa ka afaka nahita maso ny asan’ny anjely ny olombelona! Moa afaka ny hahatakatra ny asan’ny anjely ve ny fomba fijerin’olombelona, ny ady izay ataony mba hiarovana azy, ny fitantanany, ny fandresena atolony sy ny fiarovany amin’ny fandrik'i Satana? Raha izany no zava-misy dia ho hafa mihitsy ny fitondrantena sy ny fietseham-po ara-pivavahana.

## HERY TSY HITA MASO HO AN’NY ASA HITA MASO.

Betsaka ireo izay tsy mahita fahombiazana eo ampanatontosana ny asa, satria mihevitra izy ireo fa miankindoha amin’izy ireo Andriamanitra. Ireo olona ireo indray no milaza amin'Andriamanitra ny tokony hataony amin’izy ireo, ka lasa miantehitra amin’ny tenany izy fa tsy miantehitra amin’ny herin'Andriamanitra. Esorin'ireo olona ireo tsy ho eo aminy ilay hery tsy hita maso ary tsy tsapany akory ny yokati'izany. Miantehitra mandrakariva amin’ny herin’ny

tenany sy ny herin’ny namany izy ireo. Olona tsy manana saina mivelatra, ary mandinika ny zavara rehetra amin’ny fomba fijerin’olombelona izay voafetra ihany.

Mila miarina izy ireo mba hahafahany mandray ny hery avy any ambony. Andriamanitra dia nanome antsika ny vatana, ny hery ara-tsaina, ny fotoana, ary ny fahafaha-manao rehetra hiasana. Ilaina ny mampiasa izany rehetra izany araka izay azo atao. Rehefa miray amin'Andriamanitra ny olombelona, dia mahavita zavatra izay maharitra mandrakizay. Ho diso fanantenana ny olona raha mihevitra fa diso fihevitra Andriamanitra amin’ny momba azy.

*“Fa fahasoavana no namonjena anareo amin’ny finoana; ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin’Andriamanitra.”* - Efes. 2:8. Ity ny fahamarinana hibaribary ao an-tsaina raha toa ka tsy hakatona ny fanahy manoloana ny tarapahazavana ianao. Fanomezana tsy manam-pahataperana ny fianana mandrakizay. Izany dia mipetraka amin’ny toerana izay tsy ho azontsika alaina, satria tsy manam-pahataperana. Tokony ho fanomezana izy io. Tsy maintsy raisina amin’ny maha-izy azy amim-pinoana; ny fisaorana sy ny fiderana dia tokony hasandratra ho any amin'Andriamanitra. Ny finoana matanjaka sy mafy orina dia tsy hahatonga ny olona ho mpandray tendrony (fanatique) na ho mpanompo kamo. Ny herin'i Satana no mahatonga ny olona handinika ny tenany fa tsy hibanjina an'i Jesôsy.

Ny fahamarinan'i Kristy dia tokony ho fahamarinantsika, mba hahatonga ny voninahitr'i Kristy ho fandresentsika.

Afaka mandray ireo fitahiana sesehena avy amin'Andriamanitra ho toy ny fanomezana isika raha manao ny sitrapony, fa tsy ho toy ny zavatra izay tsy misy lanjany eo am-pelatanantsika.

Andeha hanao ny asan' Andriamanitra mba hanomezana voninahitra Azy. Ho tonga mpandresy amin'ny alalan'ilay tia antsika sy nanolotra ny ainy ho fanavotana antsika, mba hananantsika ny fiainana mandrakizay ao amin'i Jesôsy Kristy.

Ny teny teo aloha rehetra dia notsongaina avy tao amin'ny boky "La foi et Les oeuvres, p. 21 - 28.

Ny Adventiste mitandrina ny Andro fahafito dia mino fa Ramatoa Ellen G. White (1827 - 1915) dia naharay fahitana ara-Baiboly nandritra ny 70 taona mahery.

## Fanontaniana natao **hosaintsainina** sy **hifampizaràna:**

- 1 Inona no ifandraisan'ny finoana sy ny asa amin'ny fahasoavana sy ny famonjena?
- 2 Ahoana no fomba hiainantsika ny fahazoana antoka ny famonjena?
- 3 Inona no azotsika omena an'Andriamanitra ho fandraisana ny fahasoavany? Inona no azotsika atao ho an'Andriamanitra rehefa avy nandray izany fahasoavana izany isika?

### TENY FOTOTRA.

"Maro ny olona no tsy mahita fahombiazana eo amin'ny asa atao satria mihevitra izy ireo fa miankindohy amin'izy ireo Andriamanitra, ary izy ireo no manolo-kevitra an'Andriamanitra ny tokony hataony aminy, kanefa izy ireo no tokony hantehitra amin'Andriamanitra."

---

DL Herinandro Fivavahana Nov 2017: Lah. 0171-B.07/17  
Ny natonta: 8520 isa